Hebreo, Toko Fahafito [1]

. . .hariva, sy mandre an'i Joyce mihira. Efa fantatrareo ve fa fahagagana mihitsy ilay izy tenany? Io zazavavy kely io, ahoana no ahafahany mieritreritra an'izany rehetra izany? Ary isan-kariva dia manome antsika anankiray vaovao izy. Ahoana no ahafahany mieritreritra an'izany rehetra izany, tena fahaizana kely ambony mihitsy izany. Ny Tompo hitahy an'io ankizy io.

2 Ankehitriny, rahampitso, amin'ny roa sy sasany, any amin'ny toeram-pandevenana any Charlestown, Indiana. Ny anabavy malalantsika, izay lasa, Ranabavy Colvin, hanome azy an'ireo fanajana azy farany isika, any amin'ilay—any amin'ilay toeram-pandevenana sy any amin'ny fasana, rahampitso tolakandro. Anankiray izay velona fahiny tahaka anareo izao hariva izao, ka lasa any ankoatr'ilay efitra lamba izay handehananareo indray andro any. Ary ny rehetra izay maniry ny hanatrika ny fotoana, nahoana, dia tongasoa mba ho avy. Ho fanampiana lehibe iray ho an'ny fianakaviana Colvin tokoa izany, ny mahafantatra fa ity tabernakla eto ity, izay nandehanan'izy rehetra ireo ho any am-piangonana nandritry ny elabe, sy ny sisa, dia. . . Ho faly izahay ny hanana anareo tonga any. Ary heveriko fa ilay. . .Rahalahy malalantsika McKinney, ilay anankiray izay nitory teny tamin'ny fandevenana ny rahalahiko, taona maro lasa izay, no manana ny anjara lehibe an'ilay fandevenana, ary nangatahana aho ny ho avy ary hanampy azy amin'ilay—amin'ilay fotoam-pandevenana.

3 Ankehitriny, tara kely aho, izao hariva izao. Be loatra ilay zavatra ataoko, tsy fantatro izay làlana aleha. Misy betsaka ireo antso, sy ireo fahavoazana ary lozam-pifamoivoizana, ary ireo olona izay miantso, tonga. Hany ka, vao avy niala tany Louisville aho, fotoana vitsy lasa izay, mba hiverina eto haingana, ary namela antso maro izay tena sarotra tokoa ary tsy maintsy vitaina, heveriko, indray, izao hariva izao. Ary ankehitriny dia mivavaha ho anay raha mandroso isika.

4 Ary aninkeo maraina aho—tsy tonga mihitsy teo amin'ny—ny lahateniko aho, teo amin'ny toko faha-7-n'ny Bokin'ny—ny—ny Hebreo. Ary raha mitodika amin'izany isika, izao hariva izao, dia tiako ny hanao filazana mikasika ny fivoriandRahalahy Graham Snelling, any amin'ilay tranolay eto, ary amin'ny faran'ny Avenue Brigham. Raha sitraky ny Tompo, dia te-hiverina aho ny Alarobia hariva. Ary hametraka hariva anankiray izahay izay handehananay any toy ny delegasiona iray, indray andro amin'ity herinandro ity, mba hitsidika andRahalahy Graham ao amin'ilay fivoriana. Ary izy dia. . . milaza hoe, "Manana vahoaka betsaka mahafinaritra." Ary—

ary hankasitraka antsika ho tonga izy, ho an'io fanampiana io. Rahalahy Graham Snelling, ny sasany aminareo izay hanatrika an'ilay fivoriana, na maniry, ilay izy dia any amin'ny faran'ny Avenue Brigham eto mihitsy. Ny olona rehetra dia afaka miteny aminareo hoe aiza ilay izy. Eo amin'ny faran'ilay toeram-pilalaovana mihitsy, no mipetraka ilay tranolay. Mankasitraka ny fiaraha-miasanareo izy. Satria, isika amin'ny maha-tabernakla iray dia efa nanome toky ny fiaraha-miasantsika miaraka aminy, zato isan-jato, noho izany dia hiezaka isika ny hanampy.

5 Ankehitriny, noho izany dia ho tonga tsy ho ela eo amin'ny toeran'ny, raha sitraky ny Tompo, eo amin'ny toko faha-11-n'ny Hebreo isika, afaka hariva vitsy, raha sitrak'Andriamanitra, ary eo no heveriko fa hananantsika fotoana iray lehibe ihany koa.

6 Oh, nitahy antsika tamin'ny fomba nahafinaritra iray ny Tompo aninkeo maraina, ahoana no Nandrotsahany Ny Fanahiny tamintsika! Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia manantena Azy hanao an'izany indray isika; ary avy eo amin'ny Alarobia hariva, sy ny manaraka. Ary—ary ireo hariva izay tsy tratrako, dia ho eto Rahalahy Neville handray azy avy hatrany, raha any ivelany aho.

7 Tsy fantatro mihitsy izay hataoko, mety eto ianareo amin'izao ora izao, ary amin'ny ora manaraka dia ho antsoina ho any California. Hitanareo, tsy fantatrareo fotsiny hoe aiza no hanirahan'ny Tompo. Izany no antony hoe sarotra amiko ny hanomana làlan-kaleha sy hilaza hoe izahay dia—izahay dia hanao *an'izao-sy-izao*. Afaka manomboka manao zavatra anankiray aho, nefa haniraka ahy any an-kafa any ho any ny Tompo. Hitanareo? Noho izany dia tsy fantatsika fotsiny izay Hataony. Fa, "Raha sitraky ny Tompo," no ilazantsika azy. Ary heveriko fa nirahina isika, na nodidiana hoe, ao amin'ny Baiboly, "Raha sitraky ny Tompo, dia hanao zavatra *izao-sy-izao* izahay." Noho izany raha sendra tsy manome fotoana isika izay isika . . . na mahatanteraka an'ireo fotoana, dia tsapantsika fa tsy sitraky ny Tompo angamba ny hitrangan'izany.

8 Indray andro, dia voatazona izahay, Rahalahy Roberson sy Rahalahy Wood ary ny tenako. Dia nanontany izahay hoe, "Nahoana?" Nipetraka teo aho, nijery sarintany iray, nandeha avy hatrany, ary izahay dia namily fiara dimampolo maily niverina avy hatrany nianavaratra indray teo amin'ny làlana iray. Ary efa nandeha teo amin'ilay làlambe aho hatramin'izaho teo amin'ny efatra ambin'ny folo taona teo. Ary manontany aho hoe ahoana no mba nahavitako an'izany. Nitsangana teo izahay, izahay telo rehetra. Nandeha teo amin'ireo làlambe izahay rehetra. Nijery sarintany iray mihitsy, nanaraka ny 130, nandalo an'ny Illinois, ary nanao fihodinana kely, tsy nanamarika fa taorianay ilay masoandro raha tokony ho teo alohanay. Nandeha nianavaratra izahay raha tokony nianatsimo. Ary ny zavatra

voalohany fantatrareo, niampita an'ilay làlana, hoy aho hoe, "Tsy ity no làlana marina." Nijery teo izahay, ary nahita fa, tany amin'ny dimampolo maily tany ivelan'ilay làlana izahay. Niverina avy hatrany . . . ? . . .

9 Noho izany rehefa niverina izahay, izahay—niresaka izahay. Hoy aho hoe, "Fantatrareo ve hoe nahoana? Isika . . . Mety nampihodina antsika tamin'ity làlana ity ny Tompo, mba hiaro antsika tsy ho tratry ny lozam-pifamoivoizana mahatsiravina any ho any, izay mety hahavita zavatra hafa raha tsy izany. Fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia ny Tompo. Izay ihany no tokony ho tazomintsika ao an-tsaina."

10 Ankehitriny, izao hariva izao, dia hanomboka isika ankehitriny ho any lesona fampianarana kely iray. Ary raha izaho no . . . Tsy mihevitra aho fa hahavita isika, angamba hahavita isika izao hariva izao, eo . . . Ity no toko lehibe an'ny fampianarana mikasika ny fahafolon-karena, ho an'ny fiangonana. Ary lohahevitra lehibe iray izany, ka afaka mijanona eo amin'izany mandritry ny herinandro sy herinandro isika, eo amin'ity zavatra anankiray ity, hoe ahoana fa i Abrahama dia nandoa ny ampahafolon-karena tamin'i Melkizedeka, sy hoe raha ilaina izany.

11 Manelingelina olona iray ery aoriana ery ve ity milina mamoaka rivotra ity? Tianareo kokoa ve ny hamonoana azy? Raha manelingelina olona iray izy, mitsoka eo amin'ny tarehiny, ny iray amin'ireo milina mamoaka rivotra. Raha izany no izy, dia atsangano fotsiny ny tànanareo. Ary, na maniraha iray amin'ireo mpampiditra olona fotsiny, maniraha olona iray manketo amin'ilay rahalahy eto, dia izy no hamono azy ho anareo. Ary somary manao azy hiala amin'ny tenako aho; mafana aho ary manomboka tsemboka, noho izany, ny zavatra voalohany fantatrareo, izaho—farim-peo aho. Noho izany, dia eo aminareo izany, noho izany dia tsy hanelingelina ahy mihitsy izany. Tianay hahazo aina tsara ianareo ankehitriny.

Tsy hiezaka izahay ny hihazona be loatra amin'ny fotoanareo, fa hijery avy hatrany ao amin'ny Teny. Ary alohan'ny hanaovantsika an'izany, dia ndao isika hiresaka amin'ilay Mpanoratra vetivety fotsiny.

12 Ankehitriny, Ray any An-danitra, tsy fantatray izay ao anatin'ilay fitehirizana. Fa ny zavatra tokana izay tena fantatray, ary resy lahatra izahay, dia hoe ireo zavatra tsara no mipetraka eo alohanay. Satria voasoratra hoe, "Izay tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, na tsy mbola niditra tao am-pon'ny olona, no ataon'Andriamanitra ao anatin'ny fitehirizana, ho an'ireo izay tia Azy."

13 Ary mivavaka izahay mba Hanokafanao an'ireo varavarankelin'ny Lanitra izao hariva izao, ao amin'ny trano

Fitehirizanao, ka hanome anay Ny Teninao, mba ho zavatra iray izay sahaza, zavatra iray hampitombo ny finoanay amin'ny maha-Kristiana, ka hanao anay mbola—mbola ho tafatoetra kokoa eo amin'ny Filazantsara, noho izay naha-izy anay tamin'ny nidiranay. Ekeo izany, Ray. Enga anie ny Fanahy Masina handray ny Tenin'Andriamanitra ka hanome Azy amin'ny fo tsirairay arak'izay ilainay. Amin'ny Anaran'i Jesosy, no ivavahanay, ny Zanaka Malalanao. Amena.

14 Ankehitriny, aninkeo maraina, teo am-pialàna tamin'ny andininy farany an'ny toko faha-6, mba ahafahantsika miditra avy hatrany amin'ny faha-7.

> *Tany* no *nidiran'ilay mpialoha làlana* ho antsika, *ka Jesosy aza, dia natao mpisoronabe iray mandrakizay, araka ny fanaon'i Melkizedeka.*

15 Ankehitriny dia hamaky an'ireo andininy telo voalohany isika, na ireo andininy roa voalohany, na ireo andininy telo voalohany, raha ny marina, an'ny toko faha-7, mba ahafahantsika manomboka avy hatrany.

> *Fa io Melkizedeka io, mpanjakan'i Salema, mpisoron'Andriamanitra avo indrindra, izay nitsena an'i Abrahama niverina avy tany amin'ny famonoana an'ireo mpanjaka, ka nitso-drano azy;*
>
> *Ho azy ihany koa no nanomezan'i Abrahama ny ampahafolon'ny anjarany rehetra,* (io ny ampahafolon-karenanareo); *voalohany raha adika dia Mpanjakan'ny fahamarinana,. . .aorian'izany koa dia Mpanjakan'i Salema, izany hoe, Mpanjakan'ny fiadanana;*
>
> *Tsy nanana ray, tsy nanana reny, tsy nanana tantaram-pirazanana,. . .tsy nanana fiandohana koa. . .tsy nanana fiandohan'andro koa, na fiafaran'ny fiainana; fa natao tahaka ny Zanak'Andriamanitra; mitoetra ho mpisorona hatrany.*

16 Filazana iray mahafinaritra toy ny inona! Ankehitriny dia tsy maintsy hiverina ao amin'ny Testamenta Taloha isika, mba hangady an'ireo ivony lehibe ireo hivoaka. Ary, oh, toy ny ahoana no itiavako azy ireo!

17 Fantatrareo, any Arizona, dia nitrandraka izahay taloha. Ary rehefa tonga teo amin'ny tany iray toy ny sahaza izahay, Atoa. Mc Anally sy ny tenako. Ary nahita toerana iray izahay izay toy ny, tao amin'ireo lavaka kely, izay nisy làlan-drano kely, izay antsoin'izy ireo hoe "hantsana." Ary izaho dia. . . Nasainy niondrika aho ka nasainy nikosoka an'ilay fasika ary "fioo," nitsoka an'izany. Avy eo dia nikosoka ary "fioo," nitsoka an'izany. Dia nanontany aho hoe nahoana izy no nanao an'izany. Dia hita fa, hitanareo, rehefa mitsoka fasika ianareo, dia ho maivana izany. Ary ny rehetra, na dia ny firaka aza, dia maivana kokoa noho ny volamena. Ny volamena dia mavesatra

kokoa noho ny firaka. Noho izany rehefa mitsoka ianareo, dia hanidina ny sisa amin'ireo metaly sy fasika ary ny fotaka, fa ny volamena dia hijanona eo amin'ny tany. Noho izany, raha manana fanasana ianareo avy *eto* ambony eto, dia izany no maneho fa misy làlam-bolamena any ho any ao anatiny ao. Io orana io no nanasa an'ireo potiny kely ireo hiala. Koa noho izany dia alainay ireo angady sy ny sisa, ary angadianay ilay havoana, saiky, miezaka ny hahita an'io volamena io. Loahana ny tany, angadiana izy ireo. Apetraka ny dynamita, manapoaka an'izany. Manohy mangady an'ireo lavaka lalina, midina mandra-pahitanay, mba hahita an'ilay hozatra lehibe. Ankehitriny, izany no antsoinay hoe "fitrandrahana."

18 Ary izao hariva izao dia hiezaka isika ny handray ny Tenin'Andriamanitra, ka hampiasa Azy amin'ny alàlan'ny herin'ny Fanahy Masina, mba hitsoka ny fahasamihafana sy ny fisalasalana rehetra hiala amintsika, ireo zavatra kely malemilemy maivana rehetra ireo izay tsy manana fototra mihitsy, tsy manana lanja eo amin'ny fiainantsika, tiantsika ny hitsoka azy rehetra hiala lavitra mba ahafahantsika hahita an'io Hozatra be voninahitra io. Io Hozatra io dia Kristy.

19 Ary ankehitriny dia enga anie Andriamanitra hanampy antsika raha mamaky sy mianatra ao amin'Ny Teniny isika. Ny toko farany, ireo telo teo aloha, saiky, dia efa niresaka isika ny amin'ny fandrenesana, tetsy sy teroa mihitsy, an'i Melkizedeka.

20 Ankehitriny, heveriko fa i Paoly no manome an'ilay fandikana marina.

Fa io Melkizedeka io, mpanjakan'i Salema, . . .

"Mpanjakan'i Salema." Ary ny mpahay Baiboly rehetra dia mahafantatra fa Salema taloha dia . . . Jerosalema no nantsoina fahiny hoe "Salema." Ary Izy no Mpanjakan'i Jerosalema. Diniho Izy.

. . . mpisoron'Andriamanitra avo indrindra, (izany hoe mpanelanelana iray), *izay nitsena an'i Abrahama . . .*

Tiako ny handinika ny Tantaram-pirazanany, ity Lehilahy malaza ity, mba hahafantaranareo hoe Iza Izy, voalohany, ary avy eo ianareo . . . hanohy an'ilay tantara isika.

. . . niverina avy tany amin'ny famonoana an'ireo mpanjaka, ka nitso-drano azy;

Ho azy . . . no nanomezan'i Abrahama ny anjara ampahafolony . . . voalohany . . . raha adika dia Mpanjakan'ny fahamarinana, . . .

Diniho ankehitriny, "Fahamarinana." Ankehitriny, manana ny fahamarinantsika manokana isika, manana fahamarinam-pinoana namboarina isika, manana finoana nosimbaina isika, ny karazany rehetra. Fa misy tena fahamarinana anankiray, ary

izany fahamarinana izany dia avy amin'Andriamanitra. Ary ity Lehilahy ity dia Mpanjakan'ny fahamarinana. Mety ho Iza Izy?

21 Ankehitriny, Mpanjakan'ny fahamarinana Izy, ilay Mpanjakan'i Jerosalema, ilay Mpanjakan'ny fahamarinana, ilay Mpanjakan'ny fiadanana. Jesosy dia nantsoina hoe, "Andrian'ny fiadanana." Ary ny andriana iray dia zanaky ny mpanjaka. Noho izany, ity Lehilahy ity dia Mpanjakan'ny fiadanana, noho izany dia tsy maintsy ho Rain'ilay Andrian'ny fiadanana Izy. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

22 Ankehitriny dia ndao isika hijery, handinika ny Tantaram-pirazanany lavidavitra kely, mba ahitana an'izay handehanantsika.

Tsy nanana ray, . . .

Ankehitriny, Jesosy dia nanana Ray iray. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka fa izany Izy.

. . . *tsy nanana reny,* . . .

Jesosy dia nanana reny. Fa ity Lehilahy ity dia tsy nanana na ray na reny.

. . . *tsy nanana tantaram-pirazanana,* . . .

Tsy nanana olona iray izay Nihaviany mihitsy Izy, tantaram-pirazanana iray. "Tsy nanana tantaram-pirazanana."

. . . *tsy nanana fiandohan'andro,* . . .

Tsy nanana fotoana iray mba Nanombohany mihitsy Izy.

. . . *na* ny *fiafaran'ny fiainana;* . . .

Tsy mety ho hafa afa-tsy Andriamanitra izany. Izay ihany no mety ho Izany.

23 Ankehitriny, raha hanamarika ianareo ankehitriny raha mamaky ny andininy manaraka isika. Hitanareo? "Voalohany, raha adika, dia Mpanjakan'ny fahamarinana." Tsy io no tiako hatao. Ny—ny andininy faha-3:

. . . *na fiafaran'ny fiainana; fa natao tahaka ny Zanak'Andriamanitra;* . . .

Ankehitriny, tsy Zanak'Andriamanitra Izy, satria, raha Zanaka iray Izy, dia nanana fiandohana iray Izy. Fa ity Lehilahy ity dia tsy nanana fiandohana. Raha Zanaka iray Izy, dia tsy maintsy nanana ray sy reny Izy. "Fa ity Lehilahy ity dia tsy nanana ray na reny. Fa natao *tahakan'*ny Zanak'Andriamanitra Izy."

. . . *mitoetra ho mpisorona hatrany.*

24 Ankehitriny, Dr. Scofield dia miezaka ny hilaza, fa, "Izany dia asam-pisoronana iray, nantsoina hoe, 'Ny asam-pisoronan'i Melkizedeka.'"

Fa te-hitondra anareo fotsiny eo amin'izany mihitsy aho mandritry ny minitra vitsy. Raha asam-pisoronana iray izany, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy nanana fiandohana iray, ary tsy maintsy nanana fiafarana iray. Fa, "Ity dia tsy nanana fiandohana na nanana fiafarana iray." Ary tsy nilaza izy hoe nitsena asam-pisoronana iray izy. Nitsena Lehilahy iray izy, ary niantso Ny Anarany hoe "Melkizedeka." Izy dia Olona iray, tsy anaram-piangonana iray, tsy a—a—asam-pisoronana iray na maha-ray iray. Izy dia Lehilahy iray tanteraka tamin'ny Anarana hoe Melkizedeka, izay Mpanjakan'i Jerosalema. Tsy asam-pisoronana iray, fa Mpanjaka iray tsy nanana ray. Ireo asam-pisoronana dia tsy manana ray. "Ary ity Lehilahy ity dia tsy nanana ray, tsy nanana reny, tsy nanana fiandohan'andro na fiafaran'ny fiainana." Ankehitriny, ilay Zanak'Andriamanitra . . .

25 Iza io, Jehovah io. Io no Andriamanitra Tsitoha Izy tenany. Izany dia tsy mety ho hafa.

26 Mariho ankehitriny, "Mitoetra mandrakizay Izy." Manana fanambarana iray Izy eto, hoe, "Velona Izy. Tsy maty mihitsy Izy." Izy tsy nanao mihitsy . . . Tsy hafa afa-tsy velona Izy. "Mitoetra mandrakizay Izy."

27 Ankehitriny, Jesosy dia natao, tahaka Azy. Ankehitriny, ny antony izay isian'ny fahasamihafana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy: Jesosy dia nanana fiandohana iray; Andriamanitra tsy nanana fiandohana. Melkizedeka dia tsy nanana fiandohana, fa Jesosy nanana fiandohana iray. Fa Jesosy dia natao, tahaka Azy. "Mpisorona iray, mitoetra mandrakizay."

28 Ankehitriny, rehefa teto an-tany i Melkizedeka, dia tsy inona Izy teto amin'izao tontolo izao afa-tsy ilay—ilay Jehovah Andriamanitra tonga voaseho tamin'ny alàlan'ny famoronana, teto Izy tahaka ny teofania iray. Nihaona Taminy indray mandeha i Abrahama, tao anatin'ny tranolainy. Ary araka ny nolazaintsika aninkeo maraina hoe, "Abrahama dia nahafantatra Azy. Ary Noteneniny tamin'i Abrahama izay Hataony, satria tsy hamela an'ilay mpandova an'izao tontolo izao ho jamba amin'ireo zavatra izay Hataony Izy."

29 Afaka mijanona eto mandritry ny iray minitra aho, mba hilaza, fa mbola manana an'ilay safidy iray ihany foana mikasika Ny Fiangonany Andriamanitra. Tsy zanaky ny aizina ianareo. Zanaky ny Mazava ianareo. Ary ny . . . isika izay . . . "Sambatra ny malemy fanahy, fa izy ireo no handova ny tany." Ary ilay Andriamanitra, Izay nihetsika teo—teo amin'i Abrahama, izay tsy maintsy handova ny tany . . . Ary hoy Izy hoe, "Tsy hanafina an'ireo zavatra ireo amin'ilay lehilahy izay handova ny tany Aho." Tsy mihoatra noho izany ve no Hanambarany an'ireo Tsiambaratelony amin'Ny Fiangonany izay handova ny tany!

30 Hoy i Daniela hoe, “Amin’izany andro izany dia
hihazakazaka etsy sy eroa izy ireo, hitombo ny fahalalana.” Ary
hoy izy hoe, “Ny hendry no hahafantatra ny Andriamaniny,
amin’izany andro izany, ka hanao zava-dehibe amin’izany
andro izany. Fa ny ratsy fanahy kosa dia tsy hahafantatra
an’ilay Andriamanitry ny Lanitra.” Mahafantatra Azy amin’ny
endrika iray sy amin’ny fombam-pivavahana izy ireo, tahaka ny
nolazain’ny lesontsika voalohany, saingy tsy mahafantatra Azy
amin’ny alàlan’ny fahatanterahana.

31 Ary amin’ny alàlan’ny fahatanterahana irery ihany no
ahafahan’Andriamanitra miasa, satria Tanteraka Izy. Isaorana
anie Ny Anarany. Tsy maintsy amin’ny alàlan’ny fantsona
tanteraka iray no iasan’Andriamanitra, satria tsy afaka manana
na inona na inona hafa afa-tsy ny miasa amin’ny alàlan’ny
fahatanterahana Izy. Tsy afaka mandoto ny Tenany mihitsy Izy.
Ary izany ihany koa no antony nahatongavan’i Jesosy hanaisotra
ny fahotantsika, mba hahatonga antsika ho tanteraka, mba
ahafahan’Andriamanitra miasa amin’ny alàlan’Ny Fiangonany.
Eo no misy an’ilay tsiambaratelo.

Eo no mahajamba an’izao tontolo izao. Eo no itiavan’izy
ireo milaza, hoe, “Verinareo ny sainareo.” Eo no itiavan’izy ireo
milaza hoe, “Tsy fantatrareo izay resahanareo.”

Satria, “Ireo zavatry ny Tompo dia fahadalana amin’ny
fahendren’ity izao tontolo izao ity. Fa ireo zavatr’izao tontolo
izao dia ara-nofo amin’ny mpino.” Noho izany, dia olona iray
hafa ianareo, miaina ao amin’ny faritra iray hafa ianareo. Tsy
avy amin’ity izao tontolo izao ity intsony ianareo. Efa tafafindra
avy amin’ity fiainana ity ho amin’ny Fiainana iray vaovao
ianareo.

32 Noho izany, Andriamanitra dia manambara, tsy amin’izao
tontolo izao, tsy amin’ireo mpitsabo saina, tsy amin’ireo
mpitoriteny nianatra, fa amin’ny manetry tena ao am-po.
Ny Olony izay mora fanahy, Izy no hanambara an’ireo
tsiambaratelon’ireo zavatra lehibe an’Andriamanitra, amin’izy
ireo. Hitanareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe,
“Amena.”—Mpand.]

33 Ankehitriny, ankehitriny, Abrahama no tsy maintsy
handova an’izao tontolo izao. Amin’ny alàlan’ny . . . ny Taranak’i
Abrahama no tsy maintsy hitahiana ny firenena rehetra. Noho
izany dia nidina Andriamanitra ka niresaka taminy, tao amin’ny
endrika Lehilahy iray.

Ankehitriny, efa teto an-tany foana Andriamanitra. Tsy
nandao ny tany mihitsy Andriamanitra. Raha mba nandao ny
tany Izy, dia tsy fantatro hoe ho lasa inona izy. Fa efa teto foana
Andriamanitra tao amin’ny endrika iray. Oh, deraina anie Ny
Anarany!

34 Niaraka tamin'ireo zanany Izy tany an-efitra, nivoaka avy tany Egypta, tao amin'ny endrika Hazavana iray. Niteny tamin'i Abrahama Izy tamin'ny endrika Lehilahy iray. Niresaka tamin'i Mosesy Izy tamin'ny endrika Lehilahy iray. Niresaka tamin'ny Fiangonana Izy tamin'ny endrika Lehilahy iray, Ny Zanany, Kristy Jesosy.

Ary miresaka amin'ny alàlan'Ny Fiangonany Izy androany, amin'ny alàlan'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona voahosotra, amin'ny alàlan'ireo vazy tanimanga. "Ianareo no sampana. Izaho no Voaloboka." Mbola miteny Andriamanitra, ary mahita an'i Jesosy izao tontolo izao araka ny anehoanareo Azy. Tahaka an'izany no ahitan'izao tontolo izao. . . "Epistily voasoratra ianareo, vakian'ny olona rehetra." Ny fiainanareo no miteny izay maha-izy anareo.

35 Ankehitriny, teo amin'ny làlany ity Abrahama ity, niverina. Hiverina isika ka hamaky mikasika azy vetivety fotsiny, ao amin'ny Bokin'ny Genesisy. Ao amin'ny toko faha-14-n'ny Genesisy, mino aho fa izay ilay izy. Oh, tsara tarehy toy ny ahoana ilay tantara eto! Ankehitriny, isika rehetra dia mahafantatra ny amin'i Abrahama, ahoana fa Andriamanitra no niantso azy hivoaka avy any amin'ny tanin'i Kaldea sy ny tanànan'i Ora, ka niteny taminy mba hampisaraka ny tenany amin'ireo mpiara-miasa aminy.

Rehefa miantso lehilahy na vehivavy Andriamanitra, dia miantso fisarahana iray Izy.

36 Ankehitriny, izany ilay olana amin'ireo fiangonana amin'izao andro izao, izy ireo dia tsy te-hanasaraka ny tenany amin'ilay ara-nofo tranain'ny mpi-. . . tsi-mpino. Izany no antony tsy ahafahantsika mandeha lavitra intsony. Miditra ao amin'io fikoriana ara-nofo anankiray io fotsiny isika, ary isika—hoy isika hoe, "Oh, zazalahy tsara iray i Jim, na dia misotro aza izy. Raha izy. . . Ary mandeha miaraka aminy any amin'ny efitra filalaovana billard aho, saingy tsy milalao billard aho. Izaho—izaho—mandeha miaraka aminy any amin'ilay fety any aho. Miteny kivazivazy ratsy izy ireo, sy ny sisa, fa izaho tsy miteny mihitsy."

37 "Mivoaha eo anivon'izy ireny." Marina izany. "Saraho ny tenanareo. Aza mikasika an'ireo zavany tsy madio, dia handray anareo Aho," hoy ny Tompo. "Aza mitondra zioga miaraka amin'ireo tsi-mpino, miaraka mitondra zioga tsy mitovy." Aza manao an'izany. Saraho ny tenanareo.

38 Ary niantso an'i Abrahama hanasaraka ny tenany tamin'ireo havany rehetra Andriamanitra, ka handeha hiaraka Aminy. Rahalahy, matetika izany dia midika hoe mandao fiangonana iray. Izany no dikany ho an'i Paoly. Tsy maintsy nandao ny fiangonany izy. Izany no dikany ho an'ny maro. Matetika izany dia midika hoe mandao ny tokantrano. Matetika izany dia

midika hoe mandao ny ray sy reny, ary mamoy ny rehetra. Ny tiako lazaina dia tsy hoe manao an'ilay izy isan'andro, fa matetika ilay izy dia manao. Izany dia midika fa tsy maintsy manala ny zavatra rehetra eo anelanelanareo sy Andriamanitra ianareo, ka mandeha irery miaraka Aminy. Oh, io firaisana voatahy, mamy io, io fiombonana izay anananareo io rehefa manasaraka ny tenanareo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ianareo ary ireo mpino ara-nofo izay maneso anareo, ka mandeha irery miaraka amin'i Kristy!

39 Impiry no efa nisaorako an'Andriamanitra! Hoy Izy hoe, "Izaho no hanome anao ray sy reny ao amin'ity izao tontolo izao ankehitriny ity. Izaho no hanome anao sakaiza sy mpiara-miasa. Ary tsy handao anao mihitsy Aho, tsy hahafoy anao koa Aho. Na dia manodina ny lamosiny aminao aza izao tontolo izao manontolo, dia homba anao Aho, hatrany amin'ny faran'ny làlana."

40 Tombontsoa voatahy iray toy ny inona, ny olona izay manana an'izany fihaikena izany mba hanaraka ny Tompo Jesosy, ny hanasaraka ny tenany amin'ireo mpiara-miasa aminy ara-nofo rehetra, mba hanaraka ny Tompo. Ary raha misy olona iray toa tsy mitondra tsara ny tenany, nefa mampiseho ny tenany ho Kristiana, nefa tia an'ireo zavatra ara-nofo, dia tsara indrindra ho anareo ny mitady namana hafa iray avy hatrany. Marina izany. Ary raha tsy misy anankiray handeha hiaraka aminareo, dia misy Anankiray izay nampanantena fa handeha hiaraka aminareo. Izany dia, ny Tompo Jesosy finaritra, Izy no handeha hiaraka aminareo.

41 Niteny tamin'i Abrahama Andriamanitra hoe, "Saraho ny tenanao." Ary amin'ny maha-olombelona an'i Abrahama fotsiny, dia nentiny ny dadany, nentiny ny zanaky ny rahalahiny, ny zana-drahalahiny; ny rehetra nifikitra taminy. Ary tsy nitahy azy mihitsy Andriamanitra mandra-panaony an'izay notenenin'Andriamanitra mba hatao.

42 Tsy milaza aho hoe tsy Kristiana iray ianareo. Izany, tsy manao olona iray tsy ho kristiana aho. Fa izao no holazaiko, hoe raha niteny zavatra iray taminareo mba hatao Andriamanitra, dia tsy hitahy anareo mihitsy Izy mandra-panaonareo an'izany. Eto amin'ny polipitra aho izao hariva izao miaraka amin'ny iray amin'ireo zavatra mihazona eo amiko. Ireo fivoriako dia tsy arak'izay tokony haha-izy azy ireo, nandritr'ireo roa taona lasa. Izany dia satria diso tamin'ny Tompo aho. Niteny tamiko Izy mba, "Handeha any Afrika, ary avy eo dia any Inde." Ity eto ity izany, voasoratra eto mihitsy, ao an-damosin'ity Boky ity, izao ankehitriny izao.

43 Niantso ahy ilay mpikarakara, nanao hoe, "Avelao any ireo Afrikana ireo. Inde no vonona."

44 Nihaona tamiko ny Fanahy Masina, nanao hoe, “Handeha any Afrika ianao arak’izay Noteneniko taminao.”

45 Ary lasa ny taona hafa iray. Ary ireo mpikarakara . . . Adinoko ny momba an’Izany. Hoy izy hoe, “Handeha any Inde isika. Efa eto ireo tapakila.”

46 Lasa aho, adinoko Izany mandra-pahatongako tany Lisbonne. Indray alina, dia, nihevitra aho fa teo am-pahafatesana aho. Ny ampitso maraina dia nanomboka aho, nandeha tao amin’ny efitra fandroana, mba handro. Oh, tena narary aho, zara aho raha afaka nitsangana. Tany, nihantona tao amin’ilay efitra fandroana io Hazavana io, nanao hoe, “Heveriko fa efa niteny taminao Aho mba, ‘Handeha any Afrika, aloha.’”

47 Nanomboka tamin’io fotoana io dia niha-tsy nahomby moramora ireo fivoriako. Na dia nankany Inde aza aho, niaraka tamin’ny saiky antsasaky ny iray tapitrisa nitsangana tany, saingy tsy nanao an’izay nolazain’Andriamanitra hatao izany. Tsapako fa tsy ho fahombiazana iray mihitsy ireo fivoriako raha tsy miverina avy hatrany aho ka manitsy an’io zavatra io. Tsy mampaninona izay ataoko, ilay izy dia Afrika, aloha, satria tsy maintsy ataonareo izany. Eo no mipetraka ny Tenin’Andriamanitra Mandrakizay, mipetraka eo. Nahafantatra tsaratsara kokoa noho izany aho. Saingy tsy maintsy miverina aho. Ary tsapako fa amin’io taona ho avy io no fotoana izay handadizako hiala amin’ilay akora, nohon’ny fanampian’ny Tompo.

48 Ity Filazantsara be voninahitra, fahiny izay efa nitombo moramora ity, tahaka ny hazo ôka iray, saingy mino aho fa efa saiky vonona ny hanitatra ny rantsany izy ankehitriny. Mino an’izany aho, ity Hafatra lehibe sy zavatra lehibe ity, mino aho fa ny Tompo no hamela anay hanozongozona indray an’izao tontolo izao ho an’ny voninahitr’Andriamanitra.

49 Tsy maintsy manao an’izay notenenin’Andriamanitra mba hatao ianareo. Ary nanohy avy hatrany i Abrahama, nitondra ny havany niaraka taminy. Tiany izy ireo. Izay ilay ampahany maha-olombelona. Fa taoriana kely, afaka kelikely, dia maty ny rainy ary naleviny izy. Avy eo dia nanana ny zana-drahalahiny izy, tamin’izay fotoana izay dia tonga ireo fifandirana sy fifamaliana. Ary, farany, dia nanao ny safidiny i Lota ka lasa nankany Sodoma. Ary voamarikareo i Abrahama, tsy nifamaly tamin’i Lota izy. Hoy izy hoe, “Mpirahalahy isika. Tsy tokony hifamaly isika. Fa atrakao ny lohanao dia mandehana any amin’ny làlana izay tianao handehanana. Raha hiatsinanana ianao, izaho hiankandrefana. Raha hianavaratra ianao, izaho hianatsimo.” Izany no toetran’ny Kristiana, manaiky ny hanome an’ilay olona hafa ny tsara indrindra amin’ilay fifanarahana. Atolory azy foana izany, avelao izy hanao ny safidiny.

50 Satria nahoana? Inona no nampanao an'i Abrahama an'izany? Fantany fa izy no nampanantenain'Andriamanitra fa handova ny zavatra manontolo, na ahoana na ahoana. Amena. Koa, noho izany, tranolay iray na trano tsotra iray, nahoana isika no tokony hanahy? Antsika ny zavatra manontolo. "Sambatra ny malemy fanahy fa izy ireo no handova ny tany." Antsika izany rehetra izany. Andriamanitra no niteny an'izany. Noho izany dia omeo an'ilay olona ny tsara indrindra amin'ny safidy, raha tiany. Angamba izay ihany no hany ananany. Fa anareo izany rehetra izany, ireo mpandova famonjena amin'ny alàlan'ny teny fikasana. Anareo izany rehetra izany.

51 Noho izany, Saraha, ilay vehivavy tsara tarehy indrindra teo amin'ilay tany, nipetraka teo amin'ilay ilan'ny havoana niaraka tamin'ny vadiny araka ny tokony nataony izy. Tsotra izy, eny, mety nanao akanjo landihazo tsotra, na izay hany tianareo iantsoana azy. Fa, Rtoa. Lota dia niakanjo tahaka ny mpanapitrisa iray. Ary ny vadiny dia ben'ny tanàna. Mpitsara iray izay nipetraka teo amin'ny vavahady izy. Nanana ny zavatra rehetra izy; nanatrika an'ireo antokom-panjairana rehetra sy ireo fetin-karatra izay nisy tao Sodoma sy Gomora. Fa sitrak'i Saraha kokoa ny hiaina miaraka amin'ny vadiny tamin'ny sakafo mahia, ka nahafantatra fa tao amin'ny sitrapon'Andriamanitra izy, toy izay hankasitraka an'ireo harena, na, ny fahafinaretan'ny harena mandritry ny vanim-potoana iray. Marina izany. Amin'izay fotoana izay no amangian'Andriamanitra.

52 Ary indray andro any, ianareo, azo antoka mihitsy tahaka ny andraisanareo an'ilay làlan-diso, hahatratra anareo izany indray andro any. Mety mihevitra ianareo fa ho mety tsara. Mety mihevitra ianareo fa milamindamina, saingy tsy izany ianareo. Mety toy ny hoe voasarona ny rehetra, saingy tsy voasarona izany. Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra. Fantany na tena matotra amin'ny fiaikenareo ianareo na tsia. Fantany na tena matotra ianareo hoe mino Azy ary voavonjy, sy nanaiky Azy, ka maty ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ianareo, ary velona ao amin'i Kristy. Fantany izany.

53 Ankehitriny, manamarika an'i Abrahama isika, tiako ianareo hanamarika an'io tena fanahy io. Oh, ny zavatra voatahy manontolo eto dia fahasoavana. Tiako ianareo hamaky miaraka amiko ankehitriny ny avy ao amin'ny toko faha-14-n'ny Eksodosy, vetivety fotsiny.

54 Ankehitriny, ny zavatra voalohany niseho rehefa tonga tany izy ireo, dia tratry ny olana i Lota. Nahoana? Tany ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra izy. Ary raha tratry ny olana ianareo rehefa ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra, dia Andriamanitra no hanampy anareo hivoaka. Fa raha tratry ny olana ianareo, any ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra, dia zavatra tokana ihany no atao, miverina ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra indray.

55 Ankehitriny, niara-nanambatra ny tenany ireo mpanjaka, ary nihevitra fa voatondraka tsara ireo lemaka tany, ka handeha ho any fotsiny izy ireo ary haka an'io Sodoma, sy Gomora kely tranainy io, hifehy azy. Ary nataon'izy ireo izany. Ary rehefa nandeha tany izy ireo ka nifehy azy, dia nentiny niaraka tamin'izy ireo i Lota.

56 Tiako ianareo hanamarika an'ilay Fanahin'i Kristy tao amin'i Abrahama eto. Ankehitriny mariho ny andininy faha-14.

> *Ary rehefa ren'i* Abrahama *fa ny rahalahiny . . .* (Azonareo ve ilay izy?) *. . . ny rahalahiny dia azo babo, dia nampitao an'ireo mpanompony niofana izy, izay teraka tao an-tranony manokana, valo ambin'ny folo sy telonjato, ka nanenjika azy ireo hatrany Dana.*

57 Oh, fisainam-pahasoavana iray voatahy toy ny inona! Abrahama, rehefa ny rahalahiny, na dia lavo avy tamin'ny fahasoavana aza, na dia tao amin'ny toeran'io fiverenan-dàlana io aza izy; rehefa reny fa izao tontolo izao no nahatratra azy, ka nambabo azy ary nitondra azy, mba hamono azy, dia nihetsika tamin'ny alàlan'ny Fanahin'i Kristy i Abrahama. Tonga izy ka nampitao an'ireo lehilahiny rehetra izay teraka tao an-tranony, ary nanaraka azy ireo, ka nanenjika azy ireo hatrany Dana. Ary Dana no ampahany farany indrindra an'i Palestina, "Dana hatrany Beri-sheba," avy amin'ny farany anankiray mankany amin'ilay hafa. Ary tandindona iray an'i Kristy izany, rehefa Hitany fa izao tontolo izao no naka . . . lavo, dia nanenjika an'ilay fahavalo hatrany amin'ny farany Izy, mba handray indray an'ilay taranaka lavo an'i Adama.

58 Tiako ianareo hanamarika an'ilay andininy manaraka, malemy toy ny ahoana no itenenan'ilay Fanahy amin'ny alàlany. Eny àry, ny andininy faha-15 ankehitriny.

> *Ary nampody ny fananany rehetra* (rehetra) *izy, ary namerina indray koa an'i Lota rahalahiny, sy ny fananany, ary ireo vehivavy ihany koa, sy ny vahoaka.*

59 Rehefa nanenjika an'ilay fahavalo izay nitondra ny rahalahiny i Abrahama, dia nanenjika azy nanerana ny firenena rehetra izy, hatrany Dana, ka namerina ny zavatra rehetra izay veriny tao amin'ilay fahalavoana.

60 Sary iray tsara tarehy ny amin'i Kristy toy ny inona, Izay nandre avy tany An-danitra fa very isika ka tonga ary nanenjika an'ilay fahavalo, hatrany amin'ny helo rehetra, ka nambabo an'ireo fanahy very ary nitondra antsika indray ka namerina tamintsika ny zavatra rehetra izay nananantsika talohan'ny fahalavoana! Isika, mpiverin-dàlana, isika izay nateraka ho zanak'Andriamanitra, izay nosimbaina ho zanaky ny devoly, ary natao . . . nanaraka an'ireo zavatr'izao tontolo izao, sy nanao ratsy, ary nanenjika filàn-javatra tahaka ny nataon'i Lota, nivarotra ny fizokiantsika ka nitady an'ireo

zavatr'izao tontolo izao. Nidina Kristy. Na dia lavo aza; Andriamanitra, dia nahafantatra tany amin'ny voalohany hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy, noho izany dia nidina ary nanenjika an'ilay fahavalo nanerana ny fiainana, nanerana ny fahafatesana, nanerana ny paradisa, hatrany amin'ny helo. Ary nanomboka tany amin'ny Voninahitra hatrany amin'ny helo, ka nifehy ny—ny herin'ny helo, sy ireo fanalahidy hiala amin'ny devoly, ary nitsangana indray, ka namerina tamin'ny taranak'olombelona, mba ahafahany ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra indray.

61 Hitanareo ve ilay Fanahy tao amin'i Abrahama teo, ilay Fanahin'i Kristy tonga niaraka taminy?

62 Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika lavidavitra kely, raha mamaky isika.

> *Dia nivoaka ny mpanjakan'i Sodoma mba hitsena azy rehefa* niverina izy *avy tamin'ny famonoana an'*io mpanjakan'*i Kedorlaomera io, sy . . . ireo mpanjaka . . . izay niaraka taminy,* tao *amin'ny lohasahan'i Save, izay lohasahan'ny mpanjaka.*

63 Nivoaka izy ireo. Nentina niverina ny mpanjakan'i Sodoma. Nentina niverina ny rahalahiny. Nentina niverina ireo ankizy. Ary indro fa nivoaka ireo mpanjaka hitsena azy. Ary, izao koa, eto no tiako ahatongavana, ny hafatra ankehitriny. Diniho eto.

> *Ary—ary Melkizedeka, mpanjakan'i Salema* (Mpanjakan'i Jerosalema, Mpanjakan'ny fiadanana) *nivoaka nitondra mofo sy divay: ary izy dia mpisoron'Andriamanitra avo indrindra.*
>
> *Dia nitso-drano azy izy, ka nanao hoe, Hotahian'Andriamanitra avo indrindra anie i* Abrahama, *tompon'ny* lanitra *sy ny tany:*

64 Melkizedeka, ilay Mpanjakan'i Salema, dia naneho ny Tenany ihany koa teo anivon'ireo mpanjaka hafa. Ary mariho, tapitra ilay ady, ny Fanahin'Andriamanitra tao amin'i Abrahama, an'i Kristy, izay namerina ny rahalahiny lavo, avy eo dia namerina azy teo amin'ny toerany ara-dalàna, teo amin'izay rehetra veriny. Naveriny izany. Ary rehefa nataony izany, dia nitondra mofo sy divay Izy, ny fandraisana. Tsy mety ho hitanareo ve hoe Iza io Melkizedeka io? Izany no Andriamanitra. Mitondra ny fandraisana, aorian'ny ady.

65 Ankehitriny dia ndao isika hamadika indray, ao amin'ny Matio 26:26, haingana mihitsy, ka hahita an'izay nolazain'i Jesosy eto mikasika an'izany. Ao amin'ny Bokin'i Matio, ny toko faha-26 ary ny andininy faha-26 ihany koa, te-hamaky kely fotsiny isika eto. Eny àry, Matio 26:26.

> *Avy eo Jesosy dia tonga niaraka tamin'izy ireo teo amin'ny toerana iray nantsoina hoe* Golgota, Golgota,

na, *Getsemane,* no tiako lazaina, *ka* nilaza *tamin'*ireo *mpianany hoe, Mipetraha eto ianareo, raha mbola mandeha* ery hivavaka *aho*.

66 Mino aho fa diso ny Soratra azoko. Matio, ny roapolo-. . . andininy faha-26-n'ny toko faha-26. Raha misy olona iray manana azy, dia vakio ho ahy ilay izy, raha ianareo—raha afaka mahita azy ianareo. Iray minitra fotsiny. Tandindona iray tsara tarehy ity eto ity. Tsy tiako ho diso azy ianareo. Eto isika izao. Izay ilay izy, ranabavy.

Ary raha mbola nihinana izy ireo, dia nandray mofo Jesosy, ka nisaotra an'izany,. . .

Inona izany? Tapitra ny ady.

*. . .novakiany izany, ary natolony an'*ireo *mpianany, ka nanao hoe, Raiso,* ary *hano; ity no tenako*.

67 Hitanareo ve io Melkizedeka io? An-jato taonany tany aloha, rehefa nitsena an'i Abrahama Izy, rehefa tapitra ny ady, dia nanolotra mofo sy divay Izy. Ary eto Jesosy dia manolotra ho an'ireo mpianatra, rehefa tapitra ny Adiny sarotra, dia nanolotra mofo sy divay azy ireo Izy. Diniho. Diniho ilay Fihaviana ho avy.

Ary noraisiny ny kapoaka, ka—ka nisaotra, ary natolony azy ireo izany, nanao hoe, Misotroa avy amin'izany ianareo rehetra;

Fa ity no ràko an'ny fanekena vaovao, izay nalatsaka ho an'ny. . . fahotana sy *famelàna ny fahotana*.

*Fa lazaiko aminareo, hatramin'izao dia tsy hisotro avy amin'*ny *vokatry ny voaloboka aho, mandra-pihavin'ilay andro izay hisotroako ny* vaovao *miaraka aminareo ao amin'ny fanjakan'ny Raiko*.

68 Ao anatin'ny ady isika ankehitriny. Mitady ny rahalahintsika lavo isika, izay Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, no efa nahita sy nifidy mialoha ho amin'ny Fiainana Mandrakizay. Ary ireo zavatr'izao tontolo izao no nahazo azy tao anatin'ny tadio iray. Ao anatin'ireo fiaraha-monina sy kilasy izy, izy sy ny vadiny, mandeha mandroso sy miverina eny an-dàlambe, mifoka sy misotro ary manao fety be, miezaka ny hahita fiadanana. Ary ilay Fanahin'i Kristy ao amintsika, tahaka azy tao amin'i Abrahama, mitady azy isika. Miaraka amin'ireo fitaovam-piadian'Andriamanitra rehetra, ireo Anjelin'Andriamanitra mitoby manodidina, dia mandeha isika mba mitondra ny rahalahintsika lavo hiverina.

69 Ary rehefa mifarana ny ady amin'ny farany, dia hihaona amin'i Melkizedeka indray isika, isaorana Andriamanitra, Izay nitso-drano an'i Abrahama tany, ka nanome azy ny fitahiana, ary nanolotra mofo sy divay azy, ny fandraisana. Ary rehefa tapitra ny ady, dia hihaona Aminy isika. Isika izay mpandova ny teny fikasan'i Abrahama, mpiara-mandova amin'i Kristy ao

amin'ny Fanjakana, dia hihaona Aminy eo amin'ny faran'ny làlana, ka handray mofo sy divay, indray, rehefa tapitra ny ady.

70 Iza io Melkizedeka io? "Ilay Anankiray izay tsy nanana ray, tsy nanana reny, tsy nanana voalohan'andro na fiafaran'ny fiainana." Ho Eo Izy hanolotra ny fandraisana indray. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

71 Rehefa manatona isika, amin'ny hariva anankiray, rehefa tonga miaraka isika ka mandray ny fandraisana avy amin'ny tànan'ireo mpitoriteny, maneho fa mino ny fahafatesana isika, ny fandevenana, ary ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy, ka io efitra lamba io, ny Vatany izay Nisaronany, Andriamanitra, dia raisintsika izany, amin'ny maha-mpisolotena iray hoe, "Maty ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao isika, ary nateraky ny Fanahy indray." Ary mandeha miaraka amin'ny Vatan'i Kristy isika, ny mpino rehetra miaraka.

72 Rehefa vita ilay ady lehibe, ka tonga miaraka amin'i Kristy indray isika, dia handray ny fandraisana miaraka Aminy isika ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, indray; ary hihinana ny nofo, sy hisotro ny ràn'ilay voaloboka indray, ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Oh! Io i Melkizedeka. Izany no naha-Izy Azy.

73 Ankehitriny dia ndao isika hamaky lavidavitra kely fotsiny mikasika Azy eto, ary ny andininy faha-18.

> *Ary Melkizedeka mpanjakan'i Salema nitondra mofo sy divay:*. . .(Azonareo ve ilay izy?). . .*ary izy dia mpisoron'Andriamanitra avo indrindra.*
>
> *Dia nitso-drano azy izy, ka nanao hoe, Hotahian'Andriamanitra avo indrindra anie i* Abrahama, *tompon'ny* lanitra *sy ny tany:*
>
> *Dia nitso-drano azy izy,. . .Dia nitso-drano izy. . .*
>
> *Ary isaorana anie Andriamanitra avo indrindra, izay* efa *nanolotra ny fahavalonao eo an-tànanao. Dia nomeny azy* ny ampahafolon'*ny zavatra rehetra.*

Nandoa ny ampahafolon-karena tamin'i Melkizedeka izy. Nomen'i Abrahama Azy ny ampahafolon'ny fananany.

74 Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika eto raha manohy i Paoly, manome foto-kevitra iray ho an'ny lesona ho avy ankehitriny.

> *Ary hoy ny mpanjakan'i Sodoma tamin'i* Abrahama *hoe, Omeo ahy ny olona, fa ento ho* anao *ihany ny fananana.*

Ankehitriny, hoy ny mpanjakan'i Sodoma hoe, "Ankehitriny, avereno amiko fotsiny ireo oloko, fa raiso ho an'ny tenanao ireo fananana."

Fa hoy Abrahama *tamin'ny mpanjakan'i Sodoma hoe, Izaho dia* manangana ny *tànako amin'ny* TOMPO, *Andriamanitra avo indrindra,* . . .

El Elyon, "ny tompon'ny lanitra sy ny tany," eo.

. . . *Andriamanitra avo indrindra, ilay tompon'ny* lanitra *sy ny tany,*

Fa tsy handray taretra na fehin-kapa *akory aza aho,* . . .

Tsy nanana asam-pitoriana lehibe iray hahazoam-bola izy. Ny rahalahiny lavo fotsiny ihany no nilainy.

. . . *ary dia tsy handray zavatra iray avy amin'*ny *anao aho, fandrao ianao* no *hilaza hoe, Izaho no nanao an'i* Abrahama *hanan-karena:*

Onero fotsiny izay nohanin'ireo zatovolahy, sy ny anjaran'ireo lehilahy izay nandeha niaraka tamiko, . . .

75 Ankehitriny, dia tiako ianareo hanamarika, hoy Abrahama hoe, "Tsy haka taretra na fehin-kapa iray aho." Tsy niady an'ilay ady izy, mba hahazo vola betsaka. Ary ny tena ady marina dia tsy atao amin'ny antony tia tena. Ireo ady dia tsy iadiana ho an'ny vola. Ireo ady dia iadiana ho—ho an'ny antony, ho an'ny fitsipika. Miady ny ady ny olona ho an'ny fitsipika. Ary rehefa lasa i Abrahama mba hitady an'i Lota, dia tsy nandeha izy satria hoe fantany fa afaka mamely an'ireo mpanjaka izy ka haka ny fananany rehetra, nandeha izy ho an'ny fitsipika hoe "mamonjy ny rahalahiny."

76 Ary ny mpitoriteny izay nirahina teo ambanin'ny tsindrimandrin'ilay Mpanjakan'ny Lanitra, dia tsy handeha ho an'ny vola; tsy handeha koa izy mba hanao fiangonana goavana, tsy handeha koa izy mba hanindrimandry an'ireo anaram-piangonana. Handeha fotsiny ihany ho an'ny fitsipika iray izy, ary izany dia, "Mamerina ny rahalahiny lavo." Na mahazo ampahafolon-karena iray izy na tsy mahazo, dia tsy hanao fahasamihafana aminy izany na kely aza.

77 Araka ny lazaiko hoe, "Ireo tena ady dia iadiana ary entina ho an'ireo fitsipika fa tsy ho an'ny vola." Ary ireo lehilahy sy vehivavy izay mikambana amin'ny fiangonana ka miditra ao am-piangonana, mba halaza, satria ireo *Jones* dia mikambana ao, na miova fiangonana avy amin'ny fiangonana kely iray mankany amin'ny fiangonana goavana iray izy ireo, raha manao an'izany ho an'ny antony tia tena iray ianareo ka tsy tsara ilay fitsipika marina ao ambadik'izany. Tokony ho vonona ny hitsangana any amin'ilay vava-ady ianareo.

78 Ato amin'ity tabernakla eto ity, rehefa ratsy ireo fandehan-javatra, ka mandositra ianareo lehilahy sy ianareo vehivavy ary mandeha any an-kafa any ho any, na mihataka mandra-

pahatapitr'ilay fifamaliana kely na fangotrahana, dia misy zavatra tsy mety amin'ny fahatsapanareo. Marina.

79 Manana fanao iray isika eto. Isika dia manana ny—manana lamina iray isika eto. Ity fiangonana ity dia mifototra eo amin'ny fitsipiky ny Baiboly. Raha misy olona ato tsy manao ny tsara, ka mihevitra ianareo fa tsy manao izy ireo, dia mandehana mankany aminy ka miresaha aminy. Raha tsy afaka mampihavana azy ianareo, amin'izay fotoana izay dia mitondrà rahalahy iray miaraka aminareo, iray na roa amboniny. Raha tsy hihavana izy avy eo, amin'izay fotoana izay dia teneno amin'ny fiangonana ilay izy. Ary ny fiangonana no handefa azy, tsy hanana fiombonana aminy intsony. Ary hoy Jesosy hoe, "Na inona na inona vahanareo ety an-tany, dia ho Vahako any An-danitra."

80 Izany no antony anananareo olana betsaka, satria tsy manaraka ny fitsipiky ny Baiboly ianareo. Raha misy olona iray ao anatin'ny fiangonana manao fanakorontanana, na zavatra izay tsy mety, dia tsy andraikitrareo ny miresaka mikasika an'izany lehilahy izany na izany vehivavy izany. Andraikitrareo ny mandeha mankany amin'izany lehilahy na vehivavy izany, ka miteny aminy ny fahadisoany. Ary raha tsy hihaino anareo izy, dia mitondrà anankiray hafa miaraka aminareo. Raha tsy hihaino an'izany izy, amin'izay fotoana izay dia hamotsotra azy ny fiangonana. Hoy Jesosy hoe, "Izay vahanareo ety an-tany, dia ho Vahako any An-danitra. Izay fatoranareo ety an-tany, dia ho Fatorako any An-danitra." Izany no fahefan'ny fiangonana.

81 Teto vao tsy ela akory izay, sakaizako mpitory teny tsara iray, nanana zazalahy iray izy, ary nandeha tany am-piangonana io zazalahy io, ny fiangonany manokana. Tonga teo amin'ny toerana iray izay nanombohany nandeha nihodinkodina niaraka tamin'ny zazavavy kely ratsy iray izy izay nifoka sy nisotro ary nanao hadalana. Hoy ilay mpitory teny hoe, "Mazava ho azy, raharahany izany." Tena sakaizako akaiky mihitsy, ary zazalahy iray mahafinaritra. Fa lasa nisary adala tanteraka tamin'ny vehivavy tanora iray izy; ary efa nanambady izy, nanana zanaka vitsivitsy, ny vadiny dia velona. Natahotra izy hoe izy ireo dia hanana . . . hoe hanambady azy io zazalahy io. Noho izany, dia rovitra tanteraka ilay rahalahy. Dia hoy izy tamiko hoe, "Rahalahy Branham, tiako ianao handeha hankany amin'io zanakolahy *izao-sy-izao* io. Tiako ianao hiresaka aminy."

82 Hoy aho hoe, "Rahalahy . . ." Saiky nahantso ny anarany aho. "Manana fanao tsaratsara kokoa ianao. Aza maniraka ahy. Raha tsy miaina tsara ilay zazalahy, ka nahita azy nanao ratsy ny fiangonana, amin'izay fotoana izay dia anjaran'ny fiangonana ny manao an'ireo raharaha ireo. Navela ho an'ny fiangonana izany. Ary ny fiangonana no mandeha any ka miteny aminy."

83 Noho izany dia nitondra rahalahy iray izy, ary nandeha tany ka niteny taminy. Dia namaly an'ilay rahalahy izy, nampahafantatra azy fa nikarakara ny raharahany manokana izy, ka tokony hanao tahaka an'izany izy. Naka rahalahy iray hafa izy, roa amboniny, nandeha tany ny diakona roa ka niteny an'ilay zazalahy. Tsy nety nihaino an'izany izy. Notenenin'izy ireo tamin'ny fiangonana ilay izy. Ary tsy tonga mihitsy izy nandritry ny hariva maromaro, mba hihavana amin'ny fiangonana rehefa avy notenenina teo anatrehan'ny fiangonana ny fahotany. Tamin'izay fotoana izay, dia namotsotra azy ny fiangonana.

84 Ary teo amin'ny iray volana taty aoriana dia nasian'ny aretin'avokavoka izy, ka hoy ny dokotera hoe, "Tsy misy anjara iray mihitsy hahavelona azy." Tamin'izay fotoana izay dia nandadilady niverina izy. Andriamanitra no mahafantatra hoe ahoana no anaovana an'ilay izy.

85 Miezaka manao an'ilay izy amin'ny tenantsika isika hoe, "Oh, tokony handroaka an'i *ranona-sy-ranona* hiala amin'ny fiangonana ianareo. Ianareo tokony hanao an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*." Efa nahavita ny anjaranareo amin'ny maha-fiangonana iray manoloana an'izany ve ianareo? Eo ianareo izao. Izany no fomba hanaovana azy ireo handadilady hiverina, atolory ho an'ny devoly indray mandeha izy ireo.

86 Inona no nolazain'i Paoly mikasika an'io lehilahy tany izay niaina niaraka tamin'ny renikeliny io? Tsy afaka hanao azy hihavana izy ireo. Hoy izy, "Atolory ho an'ny devoly izy." Diniho izay mitranga. Ary ao amin'ny epistily manaraka izay nosoratan'i Paoly, dia lasa nahitsy tsara io lehilahy io. Azo antoka. Manana fomba iray fanaovana an'ireo zavatra Andriamanitra, raha hanaraka ny Fitsipiny fotsiny isika.

87 Raha misy zavatra ratsy ao anatin'ny fiangonana, raha eo anivon'ny fiangonana izany, ny tsirairay aminareo rahalahy. Raha eo amin'ny komitin'ny diakona, tsy mitondra tena tsara ny iray aminareo diakona, dia aoka ho tonga ireo diakona hafa ka hanao fivoriana iray, miezaha mampihavana an'ilay rahalahy, teneno aminy izay ataony; na ny iray aminareo mambra, na inona na inona ianareo. Avy eo dia tokony entina eo anatrehany izany. Raha tsy hanao an'izany izy, amin'izay fotoana izay dia tongava miteny amin'ny pasitera. Amin'izay fotoana izay, dia navotsotra hiala amin'ny fiangonana izy, ary amin'izay fotoana izay dia avelao izy ho toy ny mpanompo sampy iray na mpamory hetra iray. Avy eo dia diniho ny Tompo miasa eo aminy. Hitanareo, eo izy no mahatsiaro tena. Eo izy no handadilady hiditra. Fa isika dia miezaka manao an'ilay izy amin'ny tenantsika, fantatrareo, miezaka ny hanao ny . . . zavatra rehetra amin'ny fomba izay tokony hanaovantsika azy, ankehitriny, tsy hahazo fahombiazana iray mihitsy isika.

88 Ankehitriny, ity Melkizedeka ity, ilay Mpanjakan'i Salema, Andriana, Mpisoron'ny Avo Indrindra, dia nitsena an'i Abrahama ka nitso-drano azy. Ary nomeny Azy ny fahafolon-karenany, Abrahama no nanome. Ary Izy dia Mpanjakan'i Salema. Ary nitondra mofo sy divay Izy, ny fandraisana, ka nanome an'izany ho an'i Abrahama taorian'ny ady, rehefa azo ireo lehilahy.

89 Ankehitriny, "Ireo ady rehetra," araka ny lazaiko, "dia iadiana ho an'ny fitsipika." Ankehitriny, raha manana ady kely iray ianareo ao amin'ny fiangonana, dia tsy maintsy ho ilay fitsipika marina izany. Tsy maintsy miady ho an'ilay zavatra tsara ianareo. Ary ny mambran'ny fiangonana tsirairay dia natao hanao an'izany. Ankehitriny, ity fampianarana ity dia ho an'ny fiangonana. Ho an'izany no maha-eto antsika. Ho an'izany no maha-eto ahy. Ho an'izany ny Tenin'Andriamanitra, dia ho an'ny fiangonana.

90 Aza mamela na inona na inona hisakana an'ity fiangonana ity. Raha izay ilay izy, dia meloka ianareo, ny tsirairay avy aminareo. Ary ianareo, ao amin'ny fiangonanareo samihafa, raha misy zavatra tsy mety ao amin'ny fiangonanareo, dia meloka ianareo, satria ianareo no mpanara-maso ambony an'izany fiangonana izany. Tsy miankina amin'ny pasitera izany. Tsy miankina amin'ny komitin'ny diakona izany. Miankina aminareo izany, ianareo isam-batan'olona, ny mandeha mankany amin'io rahalahy io ka hijery raha afaka hanao azy hihavana ianareo. Raha tsy afaka, amin'izay fotoana izay dia mitondrà roa na telo miaraka aminareo, avy eo dia miverena. Raha tsy te-hihaino an'izany izy, dia teneno amin'ny fiangonana izany. Avy eo dia voaroaka miala amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izy. Hoy Andriamanitra hoe, "Raha mandroaka azy ianareo any, dia handroaka azy Aho Eto, raha nanaraka an'io lamina io ianareo." Avy eo dia hamotsotra ny devoly ho eo aminy Izy ho fanorenana . . . fandravàna ny nofony. Ary amin'izay fotoana izay dia hiverina izy. Marina izany. Izany no fomba hanaovana azy hiverina. Raha zanak'Andriamanitra iray izy, dia hiverina. Raha tsy izany izy, nahoana—nahoana, hanohy izy, ary avy eo dia handefa azy any amin'ny toerany Mandrakizay ny devoly.

91 Ankehitriny, ireo anton'izany. Raha hamelezanareo olona iray fotsiny ilay izy, amin'izay fotoana izay dia hafa izany. Fa, raha meloka ilay lehilahy! Ary nandeha tany i Lota ka niverin-dàlana, na dia Hebreo iray aza izy. Nandeha tany izy ary niverin-dàlana. Tao amin'ny fahasoavana izy, saingy lavo avy tamin'izany. Ary rehefa nandeha izy . . . Ary i Lota—voavonjy i Lota. Aza mihevitra mihitsy hoe tsy voavonjy i Lota. Voavonjy izy. Satria, nandritry ny fotoana rehetra izay nisy azy tao amin'ilay toerana ratsy, dia ny Baiboly no nilaza, fa, "Nampahory ny fanahiny marina isan'andro ireo

fahotan'i Sodoma." Ankehitriny, nanao zavatra anankiray ny nofony. Ary inona no niafarany? Nitondra fahafaham-baraka amboniny izy. Nivadika ho andrin-tsira ny vadiny. Nanan-janaka tamin'ireo zananivavy izy. Noho izany, dia afaka mahita ianareo hoe fahafaham-baraka inona no nentin'izany, satria lavo avy tamin'ny fahasoavana izy ary tsy namerina ny tenany intsony indray. Ary tsy maintsy nanaisotra azy hiala amin'ny tany Andriamanitra.

92 Fa, mbola, rahalahy iray lavo foana izy, ka nanao an'izay rehetra azony natao i Abrahama mba hamerina azy indray. Ary ny Fanahy izay tao amin'i Abrahama, dia ny Fanahin'i Kristy izay ao amin'ny fiangonana amin'izao andro izao. Tsy mampaninona izay nataon'ilay rahalahy, hanao ny rehetra izay vitanareo ianareo mba hamerina azy ao amin'ny fiombonan'i Kristy indray. Tsy mampaninona izay nataony, hiezaka mafy ianareo.

93 Ankehitriny, dia tiantsika ny hanamarika eto indray ankehitriny, raha manohy miaraka amin'ity lesona ny amin'ity Melkizedeka ity isika, ity Mpisoron'i Salema lehibe ity, ary tompon'ny Lanitra sy ny tany. Ankehitriny, voalohany aloha:

> *Tsy nanana ray, tsy nanana reny, tsy nanana tantaram-pirazanana, tsy nanana na voalohan'andro, na* fiafaran'ny *fiainana; fa* efa *natao tahaka ny Zanak'Andriamanitra; mitoetra ho mpisorona hatrany.*

Diniho ankehitriny. Tsy Izy no Zanak'Andriamanitra, Izy no Andriamanitr'ilay Zanaka. Tsy Izy no Zanak'Andriamanitra, tsy izany i Melkizedeka, fa Izy no Rain'ilay Zanak'Andriamanitra.

94 Ankehitriny, io vatana izay Nananany io, dia Izy no namorona. Tsy tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray izany. Koa niaraka tamin'io vatana noforonina io, dia tsy afaka Izy . . . Vatana iray izay Nataony, Azy tenany, mba hanambara ny Tenany.

"Tsy misy olona afaka mahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Andriamanitra dia fanahy." Tsy mahita an'ireo zavatra ireo ny maso mety maty, raha tsy ao amin'ny endrika iray tahaka ny Andry Afo izany, na inona ilay izy, na ao amin'ny endrika vatana iray izay hitan'izy ireo tamin'ny alàlan'ny fahitana. Fa ny . . . Andriamanitra dia tsy maintsy manambara ny Tenany amin'ny alàlan'ny fomba iray. Ary Andriamanitra dia nanambara ny Tenany tamin'i Abrahama, tao amin'ny endrika lehilahy iray. Nanambara ny Tenany tamin'i Mosesy Izy, tao amin'ny endrika lehilahy iray. Nanambara ny Tenany tamin'ireo zanak'Isiraely Izy, tao amin'ny endrika Andry Afo iray. Nanambara ny Tenany tamin'i Jaona Mpanao-batisa Izy, tao amin'ny endrika voromailala iray. Hitanareo, nanambara ny Tenany tao amin'ireo endrika ireo Izy.

Rehefa nanambara ny Tenany tao amin'ny endrika Lehilahy iray Izy, amin'ny maha-Mpanjakan'i Salema; an'i Jerosalema; tsy ilay Jerosalema eto an-tany, fa ilay Jerosalema any An-danitra. Nanambara ny Tenany tao amin'io endrika io Izy. Izy dia natao "tahaka" ny Zanak'Andriamanitra.

95 Ankehitriny, ilay Zanak'Andriamanitra dia tsy maintsy tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray, mba ho foronina eto; tamin'ny alàlan'ny kibon'ny vehivavy iray, satria tamin'ny alàlan'io zavatra iray io ihany no nahatongavan'ny fahafatesana.

96 Ary tsy afaka tonga tamin'ny alàlan'ny famoronana tahaka ny nataon'Andriamanitra tany amin'ny voalohany Izy. Rehefa nanao ny olona Andriamanitra tany amin'ny voalohany, dia tsy nisy nidiran'ny vehivavy tamin'izany. Hoy fotsiny Andriamanitra hoe, "Aoka hisy," dia nivoaka avy tao amin'ny vovoka ny lehilahy iray. Niantso azy Izy, tsy nisy na inona na inona nidiran'ny vehivavy iray tamin'izany. Fa, ny vehivavy, tao anatin'ny lehilahy izy tamin'izany.

97 Ary Andriamanitra namoaka ny vehivavy avy tao amin'ny tehezan'i Adama. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary avy eo dia nandeha ny vehivavy ka niteraka olona tamin'ny alàlan'ny fananahana. Noho izany ny fomba tokana izay azon'Andriamanitra natao . . . Izy dia tsy afaka tonga tao anatin'io teofania io. Tsy afaka tonga amin'ny maha-Melkizedeka Izy. Tsy maintsy tonga amin'ny maha-Lehilahy iray Izy, ary tsy maintsy tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy Izy. "Ny Taranakao hanorotoro ny lohan'ny menarana, ary ny taranany hanorotoro ny Ombelahitongotrao." Azonareo ve ilay izy? ["Amena."] Tsy maintsy tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray Andriamanitra; ary Nataony izany, rehefa nonina tao anatin'ny Vatany Izy an'Ny Zanany, Kristy Jesosy. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, nampihavana an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany." Ary nanolotra Ny Ràny Manokana ho fanatitra iray Izy. Ary nanolotra Ny Ainy, mba amin'ny alàlan'ny fantson'ny fahafatesana, no Ahafahany mamonjy anareo ho amin'ny Fiainana Mandrakizay.

98 Noho izany dia tonga Andriamanitra arak'izany, ary Izy dia natao "tahaka" ny Zanak'Andriamanitra. Hitanareo? Izy dia Lehilahy iray natao *tahaka* ny Zanak'Andriamanitra. Ankehitriny, tsy afaka ny ho Zanak'Andriamanitra Izy, satria ity Lehilahy ity dia Mandrakizay.

99 Ilay Zanak'Andriamanitra dia nanana fiandohana iray, nanana fiafarana iray Izy. Izy dia nanana fo—fotoana iray an'ny Fahaterahany, nanana fotoana iray an'ny Fahafatesany Izy. Nanana fiandohana sy fiafarana Izy. Nanana ray sy reny Izy.

100 Ity Lehilahy ity dia tsy nanana na ray na reny, fiandohana na fiafaram-potoana. Fa Izy dia natao, ity Lehilahy ity, Melkizedeka, dia natao *tahaka* ny Zanak'Andriamanitra.

101 Ankehitriny, ilay Zanak'Andriamanitra, rehefa tonga teto amin'izao tontolo izao Izy, tao amin'ny endriky ny vehivavy iray, na, tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray, tao amin'ny endriky ny lehilahy, ka novonoina, dia nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, nitsangana ho an'ny fanamarinana antsika, ankehitriny Izy dia mitoetra mandrakizay. Ary raha mbola mitoetra foana io vatana io, dia mitoetra ihany koa isika. Ary satria nitsangana avy tamin'ny vovoka Izy, dia hitsangana isika ao amin'ny fitoviana Aminy. Izany no tantaran'ny Filazantsara. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo. Tsy Anjely, tsy vatana ivelan'ny voajanahary, tsy andiana volom-borona mikopakopaka, fa lehilahy sy vehivavy, amena, no mitsangana ao amin'ny fitoviana Aminy. Eny, tompoko.

102 Araka ny nitenenako an'izany mazàna, milaza azy indray aho eto amin'ity fotoana ity. Toa sahaza ilay izy. Nibango aho, an'ireto volo dimy na enina izay sisa ananako ireto. Dia hoy ny vadiko hoe, "Billy, miha-sola ianao."

103 Hoy aho hoe, "Saingy tsy nahavery ny iray amin'izy ireo aho."

104 Hoy izy hoe, "Aiza izy ireo?"

105 Hoy aho hoe, "Teneno amiko hoe taiza izy ireo talohan'ny nananako azy ireo, dia ho teneniko aminao hoe aiza izy ireo no miandry ahy." Marina izany.

106 Izaho taloha dia tahaka ny—ny mpiady iray, mpanao ady totohondry. Natanjaka sy goavana aho. Ary nahatsapa aho, fa raha napetrakareo tao an-damosiko ity fiangonana ity, dia handeha eny an-dàlambe niaraka taminy aho. Ho teneniko aminareo, rehefa mifoha aho isa-maraina ankehitriny, dia fantatro fa efa nisy efapolo taona mahery no lasa. Hitanareo? Tsy izaho taloha intsony aho. Miha-malemy aho, isan'andro. Raha mijery ny tànako aho ka mieritreritra hoe, "Jereo eto. Eny, miha-lasa lehilahy antitra iray aho." Mijery ny soroko aho. Hitako fa nahazo lanja betsaka aho. Nanao fehin-kibo iray mirefy valo amby roapolo aho taloha. Mitondra telopolo aho ankehitriny. Hitanareo, miha-antitra aho, matavy, miha-mihena.

107 Inona izany? Mihinana an'ilay zavatra iray ihany izay nohaniko taloha aho. Miaina madio kokoa sy tsaratsara kokoa noho ny niainako taloha aho, mitovy ihany. Fa efa nanendry fotoana iray ho ahy Andriamanitra, ary tsy maintsy mandray an'izany aho. Fa ilay fisainana voatahy dia, hoe, amin'izany andro izany, dia hanangana ahy indray Izy. Ary ny zavatra rehetra izay naha-izy ahy fony aho dimy amby roapolo taona, dia ho izany indray aho mandrakizay. Amena. Eo ianareo izao. Inona no anelingelenan'ny fahanterana ahy? Izany no

nikapoka ny devoly nandritry ny taona sy taona, mahafantatra an'izao, hoe mino Azy aho. Ity elanelam-potoana kely ity dia zavatra kely fotsiny, fohy, na ahoana na ahoana. Raha nijanona roapolo intelo sy folo fotsiny isika, fitopolo taona, ny fotoantsika nampanantenaina, dia inona—inona izany afa-tsy fahoriana sy alahelo? Inona izany? Hatakalonareo an'ity tranom-pesta ity ve io zavatra be voninahitra any io?

108 Nahoana, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Nisy zavatra tao anatiko tao nihaona tamin'io Melkizedeka io indray andro, ka niresaka fiadanana ho ahy Izy ary nanome ahy Fiainana Mandrakizay Izy. Ary ity fiainana ity dia tsy midika afa-tsy tabernakla iray hitoriana ny Filazantsara fotsiny. Milaza an'izao amin'ny fahatsoram-po tanteraka aho, miaraka amin'ireto Baiboly roa mipetraka misokatra eto anoloako ireto. Raha tsy mila ahy hitory ny Filazantsara intsony ny Andriamanitro, ka tsy afaka mahavita intsony ho Azy aho, ireo zanako ampy taona tsara hiahy ny tenany, ka Tiany ny haka ahy izao ankehitriny izao, "Amena," milamina hatreo izany. Eny, tompoko.

109 Inona no fahasamihafana ataon'izany raha valopolo taona aho na raha roapolo taona? Ho an'ny zavatra anankiray fotsiny ihany no maha-eto ahy: mba hanompo ny Tompo. Izay ihany. Raha mbola afaka mitory foana ny Filazantsara tahaka ny ataoko ankehitriny aho, rehefa valopolo taona, dia inona no fahasamihafana ataon'izany raha efapolo taona aho na valopolo? Misy betsaka ny lehilahy valopolo taona izao hariva izao. Ary misy ankizy maro no ho faty, nefa lehilahy iray valopolo taona hahari-miaina nohon'ny maro amin'izy ireo. Inona no fahasamihafana ataon'izany? Ilay izy dia ireo antonareo, ireo fitsipikareo, ary eto isika mba hanompo ny Tompo Jesosy. Izay ihany.

110 Mahafantatra an'izao, hoe, "Ity fiainana ity dia entona iray izay resahan'ny olona; izay nisy indray mandeha, ary avy eo dia tsy misy." Fa raha manana ny Fiainana Mandrakizay isika, dia Andriamanitra no nampanantena fa Izy no hanangana antsika indray. Ary handray ny fandraisana miaraka Aminy isika rehefa tapitra ireo andro, ary rehefa hoy Izy hoe, "Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, izay efa nomanina ho anareo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

111 Noho izany dia inona no fahasamihafana ataon'izany eto, na manana ny zavatra rehetra isika na tsy manana? Na tanora ianareo na antitra, inona no fahasamihafana ataon'izany? Ilay zavatra lehibe, dia vonona ny hihaona Aminy ve ianareo? Tianareo ve Izy? Afaka manompo Azy ve ianareo? Efa afaka tamin'ireo zavatr'izao tontolo izao ve ianareo? Efa nihaona tamin'i Melkizedeka ve ianareo hatramin'ny nahataperan'ny ady?

112 Isaorana Andriamanitra! Teo amin'ny iraika amby roapolo taona teo, aho, ary indray andro dia nanana ady aho tamin'*ity*, *itsy*, ary ny *hafa*. Tsy afaka nanapa-kevitra aho na te-ho mpiady iray, na te-ho mpamandrika iray, na mpihaza, izay tiako haha-izy ahy. Fa nihaona tamin'i Melkizedeka aho, ary Izy no nanolotra ahy ny fandraisana, ary hatramin'io fotoana io dia nilamina mandrakizay izany. Haleloia! Nandeha nankeny amin'ny Andaniny aho. Nifaly aho teny amin'ny làlana. Ary rehefa tonga eo amin'ny faran'ny làlana ilay izy, ka hibanjina ahy eo amin'ny tavako ny fahafatesana, tahaka ny tsapako ankehitriny, dia tsy hahatahotra azy mihitsy aho. Handeha aho, te-handeha eo anatrehany, mahafantatra an'izao, hoe mahafantatra Azy izay nanao ny teny fikasana aho, marina izany, hoe mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho. Rehefa miantso avy eo anivon'ny maty Izy, dia hivoaka avy ao anivon'izy ireo aho. Marina izany, mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany. Inona no fahasamihafana ataon'izany, na antitra aho na tanora? Na kely aho na goavana? Na voky aho na noana? Na manana toerana handriana aho na tsy manana?

113 "Ireo vorona manana akany, ary ny amboadia manana lavaka, fa ny Zanak'olona tsy manana toerana hametrahana ny Lohany," nefa Izy no Mpanjakan'ny Voninahitra.

114 Mpanjaka sy mpisorona isika izao hariva izao. Inona no fahasamihafana ataon'izany na manana isika na tsy manana? Raha mbola manana an'Andriamanitra foana isika, dia mihoatra noho ny mpandresy. Mihoatra noho ny mpandresy isika. Mipetraka eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra isika, ao amin'ny fiombonan'ny Fanahy Masina, mandray fandraisana Ara-panahy avy amin'ny Tànany izay nijoro vavolombelona hoe, "Izaho no Izy izay efa maty, ka velona indray, ary velona mandrakizay Aho." Miara-mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy. O isaorana anie Ny Anarany masina. Inona no fahasamihafana ataon'izany?

> Tranolay na trano tsotra, nahoana aho no tokony hanahy?
> Manorina lapa iray ho ahy izy ireo Any!
> Avy amin'ny perla sy diamondra, sy volafotsy ary volamena,
> Feno ny vata fitehirizany, manana harena tsy voatanisa Izy.

115 Nihaona Taminy aho indray andro rehefa avy tany amin'ny ady. Napetrako ireo lokako. Tsy niady ady iray intsony aho nanomboka tamin'io; Izy no niady azy ireo ho ahy. Nitsahatra fotsiny teo amin'ny Fampanantenany aho, mahafantatra an'izao, hoe mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho. Izay ihany no mikaonty. Hafa inona indray no mikaonty?

116 Inona no azontsika atao? Nahoana ianareo no mihevitra fa afaka hanampy hakiho iray amin'ny halavanareo? Inona no iahianareo na miolikolika ny volonareo, na manana iray ianareo na tsia? Inona no fahasamihafana ataon'izany? Raha antitra ianareo, raha fotsy volo ianareo, raha milatsa-tsoroka ianareo, raha tsy izany ianareo, inona no fahasamihafana ataon'izany? Amena. Ity dia ho an'ny fotoana iray, elanelam-potoana kely iray, fa Izany dia mandrakizay sy mandrakizay. Ary raha mandeha ny fotoana tsy voaisa, raha mandeha ireo taona, dia tsy hiova mihitsy ianareo, ary handalo eo amin'ireo Taonany tsy mitsahatra Mandrakizay. Inona no fahasamihafana ataon'izany?

117 Tena faly aho fa nihaona Taminy. Tena faly aho fa Izy no nanolotra ahy ny fandraisana, indray andro, io Melkizedeka iray io ihany izay nitsena an'i Abrahama avy tany amin'ny famonoana an'ireo mpanjaka. Izany tokoa. "Ilay Andriamanitry ny Lanitra," ilay *El Elyon*; ilay "IZAHO NO IZY" lehibe, tsy ilay Izaho efa izy; IZAHO NO IZY, fotoana ankehitriny. "Dia nitso-drano azy Izy."

118 Henoy eto lavidavitra kely fotsiny, mba ahafahantsika miara-mijery an'ilay lesona akaikikaiky kely kokoa. Ankehitriny ny andininy faha-4.

> *Ankehitriny dia hevero hoe lehibe toy ny ahoana io lehilahy io, . . .*

Izaho dia mihevitra an'izany mihitsy, ihany koa. "Hevero hoe lehibe toy ny ahoana io Lehilahy io." Any ankoatry ny Zanak'Andriamanitra Izy. Ilay Zanak'Andriamanitra dia nanana ray sy reny; Izy tsy nanana. Ilay Zanak'Andriamanitra dia nanana voaloham-potoana sy fiafaram-potoana; Izy tsy nanana. Iza izany? Izany no Rain'ilay Zanaka. Izany Izy.

> *. . .hevero hoe lehibe toy ny ahoana io lehilahy io, izay . . .na dia Abrahama patriarka aza dia nanolotra* ny *ampahafolon'ny zavatra* rehetra.

119 Henoy tsara ankehitriny.

> *Ary marina tokoa fa ireo izay avy amin'ny zanak'i Levy, izay mandray ny asan'ny asam-pisoronana, no manana . . .didy haka ny* fahafolon-karena *amin'ny olona araka ny lalàna, izany hoe, amin'ny rahalahiny, na dia* avy *tamin'ny kibon'i Abrahama aza izy ireo:*

120 Ankehitriny dia diniho ity raha te-hahita zavatra ianareo.

> *Nefa izy izay tsy* isan'ny *firazanany akory . . . avy amin'izy ireo no* nandray *ny fahafolon-karena tamin'i Abrahama, sy nitso-drano azy izay nanana ny* fampanantenana.

121 Abrahama no nanana ny fampanantenana, ary ity Lehilahy ity no nitso-drano an'i Abrahama izay nanana

ny fampanantenana. Iza io? Ireo zanak'i Levy dia nandoa ny ampahafolon-karena tamin'ireo rahalahiny na . . . Ireo rahalahiny no nandoa ny ampahafolon-karena tamin'izy ireo. Nanana didy iray avy tamin'ny Tompo izy ireo mba haka ny ampahafolon'izay azon'ireo rahalahiny, ho fiveloman'izy ireo, satria izy ireo no asam-pisoronana. Ankehitriny, izany no manala an'ilay hoe Melkizedeka asam-pisoronana, araka ny resahanareo, io mihitsy. Marina izany. Fa ity Lehilahy ity . . . Na dia ilay anankiray izay nanana ny fampanantenana aza, ilay lehilahy lehibe indrindra teto an-tany, Abrahama, dia nihaona tamin'ity Lehilahy ity ka nandoa ny ampahafolon-karena Taminy. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Tsy maintsy ho lehibe kokoa Izy.

122 Henoy.

> *Ary* tsy *azo lavina mihitsy fa ny kely no tsofin'ny lehibe kokoa rano.*

Izany tokoa. Diniho hoe Iza Izy.

> *Ary ety dia ny olona maty no mandray ny ampahafolon-karena; . . .*

Izany no asam-pisoronana araka ny fanaon'ireo mpisorona sy mpitory teny, sy ny sisa. Ireo olona izay mandray ny ampahafolon-karena, dia maty. Hitanareo?

> *. . . fa* eto *kosa izay mandray azy ireny, dia izay manambara fa velona.*

123 Ho an'ny inona no hakan'ny lehilahy iray ny ampahafolon-karena, raha nanana izy . . . Raha tsy teraka mihitsy izy, ka tsy maty mihitsy, ary efa nisy avy tany amin'ny fiandohana ka hatramin'ny fiafarana, ary—ary tsy nanana ray mihitsy na reny na tantaram-pirazanana, ary nanana ny Lanitra sy ny tany manontolo sy izay rehetra ao aminy, nahoana izy no haka ny fahafolon-karena? Nahoana izy no hangataka amin'i Abrahama handoa ny fahafolon-karena? Hitanareo ve hoe zavatra hentitra toy ny inona ny mandoa ampahafolon-karena? Marina ny fahafolon-karena. Ny Kristiana rehetra dia natao handoa fahafolon-karena. Marina izany. Tsy mbola novaina mihitsy izany.

124 Ankehitriny:

> *Ary toa azoko lazaina, fa Levy koa, izay* nandray ampahafolon-karena, *dia nandoa ampahafolon-karena tao anatin'i Abrahama.*

125 Ankehitriny, oh, ity no zavatra iray.

> *Satria mbola tao an-kibon-drainy izy, rehefa nitsena azy i Melkizedeka.*

126 Inona, Levy? Abrahama dia rain'ny-rain'ny-raiben'i Levy. Ary nilaza ny Baiboly eto, hoe, "Levy dia nandoa

ny ampahafolon-karena fony izy tao an-kibon'i Abrahama." Taranaka efatra talohan'ny hany nahatongavany teto an-tany, dia efa nandoa ny ampahafolon-karena tamin'i Melkizedeka izy. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo!

127 Noho izany, ianareo izay tsy afaka mino ny fifidianana mialoha, na ny fanendrena mialoha; nefa eo, taranaka efatra talohan'ny hany nivoahan'i Levy avy tao an-kibon'i Abrahama, dia nandoa ny ampahafolon-karena tamin'i Melkizedeka izy. Maniry aho ny hananantsika fotoana handinihana an'ity manerana ny Soratra.

128 Raha ho raisinareo ohatra ao amin'ny Jeremia 1:4, hoy Andriamanitra hoe, "Efa nahafantatra anao Aho talohan'ny niforonanao tao an-kibon'ny reninao mihitsy aza. Ary nanamasina anao Aho ka nanendry anao ho mpaminanin'ny firenena." Noho izany dia inona no azonareo lazaina fa nataonareo? Inona no azoko lazaina fa nataoko? Ilay izy dia Andriamanitra izay maneho famindrampo. Andriamanitra dia efa nahafantatra antsika talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

129 Tsy Sitrany ny hisy iray ho levona. Tsia tokoa. Saingy raha Andriamanitra Izy, dia efa Fantany hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy, raha tsy izany dia tsy nahafantatra na inona na inona Izy. Raha tsy nahafantatra Izy . . . Raha tsy fantany hoe iza no hanao ny Fampakarana, talohan'ny nanaovana an'izao tontolo izao mihitsy aza, amin'izay fotoana izay dia tsy Andriamanitra Izy. Raha tsi-manam-petra Izy, Izy dia . . . Fantany ny parasy tsirairay, ny lalitra tsirairay, ny hao tsirairay, ny parasy lafirika tsirairay, izay hany hisy eto an-tany, talohan'ny hany nanaovana ny tany. Marina izany. Efa Fantany ny zavatra rehetra. Talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa nahafantatra antsika Izy. Ny Baiboly no nilaza, hoe, "Efa nahafantatra antsika Izy ary nifidy antsika mialoha."

130 Ndao isika handamina an'ity indray mandeha fotsiny. Ndao isika hiverina ao amin'ny Efesiana, ny toko faha-1. Ny faha-5 to- . . . Ny toko faha-1-n'ny Efesiana, vetivety fotsiny. Tiako ny hamaky eto iray minitra fotsiny, mba ahafahanareo mahazo marina tokoa fa tsy zavatra iray fotsiny izay ezahako tenenina aminareo izany. Izany dia zavatra izay ezahan'Andriamanitra tenenina aminareo. Hitanareo? Ankehitriny dia henoy ity, tsara mihitsy, toko faha-1-n'ny Efesiana.

Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, . . .

Ilay lehilahy iray ihany izay nanoratra ny epistilin'ny Hebreo, no manoratra an'ity epistily ity.

. . . ho an'ireo olo-masina . . .

Tsy ho an'ireo tsi-mpino ity, fa ho an'ireo olo-masina, ireo nohamas- . . . olona masina.

. . . izay any Efesosy, sy ho an'ny mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy:

Ny fahasoavana anie ho *aminareo, ary ny fiadanana, avy amin'Andriamanitra Raintsika, sy avy amin'i Jesosy Kristy Tompo.*

Isaorana anie Andriamanitra sady Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay efa *nitahy antsika tamin'ny fitahiam-panahy rehetra any amin'ny toerandanitra . . .*

"Araka ny Izy . . . " Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny, ny andininy faha-4.

Araka ny nifidianany antsika tao aminy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, . . .

Iza ilay "isika" eo? Ilay Fiangonana.

. . . izy no nifidy *antsika tao aminy* (Kristy) *talohan'ny fanorenana,* ny tany, *mba ho masina sy tsy misy tsiny isika eo anatrehany amin'ny fitiavana:*

Nanendry antsika mialoha amin'ny fananganan'anaka amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy ho an'ny tenany, araka ny *ankasitrahan'*ny *sitrapony* manokana,

131 Iza no nanao an'izany? Andriamanitra no nanao an'izany. Andriamanitra dia efa nahafantatra hatrany amin'ny voalohany hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy. Izany tokoa, tsy Sitrany hisy iray ho levona. Saingy Izy tsy nandefa an'i Jesosy teto mba hijerena fotsiny raha ianareo dia—ianareo dia hihetsika fotsiny toy ny hoe, "Eny, Jesosy mahantra, mitsetra Azy aho. Angamba tsaratsara kokoa ho ahy ny ho voavonjy ka hankasitraka an'izany." Tsia, tompoko.

132 Andriamanitra dia efa nahafantatra tany amin'ny voalohany hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy. Koa, noho izany, efa Fantany fa ny sasany ho voavonjy, noho izany dia nandefa an'i Jesosy Izy mba hanao fanaovampanavotana ho an'ireo izay efa Fantany mialoha. "Fa ireo izay efa Fantany mialoha, no Nantsoiny. Ary ireo izay Nantsoiny, no Nohamarininy. Ary ireo izay Nohamarininy, no efa (fotoana lasa) Nomeny voninahitra." Eo ianareo izao.

133 Noho izany dia tsy ianareo no mitahiry ny tenanareo, ny fahasoavan'Andriamanitra no mitahiry anareo. Tsy namonjy ny tenanareo ianareo, na tsy misy na inona na inona nataonareo mendrika mba ho voavonjy. Ny fahasoavan'Andriamanitra no namonjy anareo. Ny fahasoavan'Andriamanitra no niantso anareo. Ny fahalalan'Andriamanitra mialoha no nahafantatra anareo. Fantany fa ho ato amin'ity fiangonana ity ianareo amin'izao hariva izao, talohan'ny hany nametrahana ny fanorenana an'izao tontolo izao, raha tsi-manam-petra Izy. Raha tsy izany Izy, dia tsy Andriamanitra Izy. Raha Fantany

ny zavatra rehetra, dia Andriamanitra Izy. Raha tsy Fantany ny zavatra rehetra, dia tsy Andriamanitra Izy. Raha Izy no Andriamanitra Tsitoha, dia afaka manao ny zavatra rehetra Izy. Raha tsy afaka manao ny zavatra rehetra Izy, dia tsy Andriamanitra Tsitoha Izy. Eo ianareo izao.

134 Noho izany dia ahoana no ahafahanareo milaza fa zavatra iray izay azonareo natao izany? Tsy misy na inona na inona azonareo atao. Fitiavan'Andriamanitra sy fahasoavana aminareo, no maha-eto anareo mihitsy aza. Tsy misy na inona na inona azonareo natao, Andriamanitra no niantso anareo nohon'ny Fahasoavany; nihaino ianareo, nandre, nanaiky.

135 "Eny," hoy ianareo, "Rahalahy Branham, manao an'ilay izy ho votsotra mihitsy izany." Manao tokoa. Malalaka ianareo. "Eny, afaka manao izay tiany hatao io lehilahy io." Izany mihitsy. Manao izay tiako atao foana aho. Fa raha Kristiana iray ianareo, dia tsy te-hanao ratsy.

136 Misy zazavavy antitra kely iry mipetraka aoriana iry izao hariva izao, ny vadiko. Tiako amin'izay rehetra ato anatiko izy. Ary raha fantatro fa afaka nihodinkodina niaraka tamin'ny vehivavy hafa iray aho ka nilamindamina niaraka tamin'izany, ary mandeha miteny aminy, ka manao hoe, "Meda, nanao ratsy aho," dia mihevitra ve ianareo fa hanao an'izany aho? Raha tia azy marina aho, dia tsy hanao an'izany. Marina izany.

137 Ankehitriny, ahoana moa raha hoy aho hoe, "Oh, tsy afaka manao an'izany aho. Satria, ho teneniko aminareo hoe nahoana. Hisaraka amiko izy, ary izaho dia . . . Oh, mpitory teny iray aho. Hitanareo ve izay hataon'izany? Hanala ahy eo amin'ny polipitra izany, raha hisaraka amiko izy. 'Lehilahy iray nisara-bady, oh!' Manana ankizy telo aho; tsy afaka hieritreritra an'izany aho. Fa, ry tovolahy, izaho . . . "? Eny, raha tahaka an'izany ilay izy, dia mbola araka ny lalàna foana ianareo. Tsy teo amin'ny fototry ny lalàna no nanambadiako azy. Tsy fototra araka ny lalàna no manao ahy hiaina mahatoky aminy. Ilay izy dia satria tiako izy. Tsy voatery hanao na inona na inona aho. Manao an'ilay izy antsitrapo aho satria raharaham-pitiavana iray izany. Ary raha tianareo ny vadinareo, dia hanao tahaka an'izany ihany ianareo.

138 Ary raha tahaka an'izany no itiavanareo ny vadinareo, miaraka amin'ny fitiavana *fileo,* dia inona no tokony hataonareo amin'i Kristy miaraka amin'ny fitiavana *agape,* izay antapitrisany mahery lavitra, raha tena tia an'Andriamanitra marina ianareo? Raha fantatro izao hariva izao fa afaka hivoaka aho ka hanao mamo, raha fantatro izao hariva izao fa afaka hihodinkodina aho ka ho ratsy fitondran-tena, raha fantatro, izao hariva izao; raha tao am-poko mihitsy aza ny hanao an'izany, ka nandeha aho ary nanao an'ilay izy, mahafantatra fa hamela ahy Izy, dia tsy hanao an'izany aho. Mihevitra ny Aminy be loatra aho. Tiako Izy. Azo antoka. Izany tokoa.

139 Izany no antony tsy hivarotako ny fahatsapako amin'ny anaram-piangonana iray, (tsia, tompoko), tsy amin'ny Assemblées de Dieu, tsy amin'ny Fiangonan'Andriamanitra, tsy amin'ny Mpivahinin'ny Fahamasinana, Metodista, Batista, Presbyterana, Katolika. Tsy handray na inona na inona izay azo atolotra aho, ho an'io fahatsapana io. Satria, tsy avy tamin'olona mihitsy izany. Avy tamin'Andriamanitra izany. Tsia, tompoko. Tsy hivarotra ny fizokiako ho an'ny rock-and-roll-n'i Elvis Presley aho, na ho an'ny valan'ny Katolikany, na ny, na, Cadillacs-ny, na ny dolarany an-tapitrisa, sy ny sisa, izay azony isam-bolana. Tsia, tompoko. Tiako Izy. Ary raha izaho . . . Raha mbola tahaka an'izany foana no itiavako Azy, dia hijanona ho mahatoky Aminy aho. Ary raha Andriamanitra no niantso ahy sy nifidy ahy, dia Izy no nametraka zavatra ato anatiko, ary tiako Izy.

140 Tsaroako Atoa. Isler. Ianareo rehetra dia mahafantatra azy, ny maro aminareo. Tonga eto mihitsy izy, senateran'ny fanjakan'i Indiana; tonga eto, mitendry ny gitarany. Rehefa maty ny zazakeliko, maty ny vadiko, ary izy rehetra dia mandry ao amin'ilay tokontanim-pasana eto. Ary nandeha teny an-dàlana aho, niaraka tamin'ny tànako taoriako, nitomany. Nitsambikina avy tao amin'ny fiarabeny tranainy, kely izy, ka tonga nametraka ny sandriny nanodidina ahy, nanao hoe, "Billy, te-hametraka fanontaniana iray aminao aho." Hoy izy, "Efa nandre anao nitory teny aho mandra-pahatonganao saiky ho lavo teo amin'ny polipitra. Efa nandre anao teny amin'ny zoron-dàlana sy ny sisa aho, niantsoantso mafy ho an'i Kristy." Hoy izy, "Ankehitriny dia Nalainy ny dadanao. Nalainy ny rahalahinao. Norombahiny izy roa ireo, ary maty teny an-tsandrinao izy ireo. Io izy maty. Maty ny vadinao, teo am-pihazonana ny tànanao. Ary maty ny zazakelinao, ary miantso Azy ianao hanampy anao. Nefa nanatodika ny Lamosiny taminao Izy. Inona no heverinao mikasika Azy?"

141 Hoy aho hoe, "Tiako amin'izay rehetra ato anatiko Izy. Raha mandefa ahy any amin'ny helo Izy, dia mbola ho tia Azy foana aho." Marina Izy. Tsy milaza fotsiny an'izany aho; enina amby roapolo taona no nanaporofo an'izany. Marina izany.

142 Raha tia Azy ianareo! Tsy hoe andraikitra iray, hoe, "Tsy afaka manao an'*ity* aho, ary tsy afaka manao an'*itsy*." Tia Azy be loatra ianareo mba hanao an'izany, satria Izy no efa nifidy anareo. Tsy ianareo mihitsy no nifidy Azy, Izy no nifidy anareo.

143 Hoy ianareo hoe, "Nitady ny Tompo aho, ary nitady ny Tompo."

Tsy misy olona mitady an'Andriamanitra. Ilay izy dia Andriamanitra, no mitady ny olona. Mety mitady fitia Aminy ianareo, saingy tsy maintsy manova ny natioranareo

Andriamanitra alohan'ny ahafahanareo hitady Azy mihitsy aza, satria, mpanota iray ianareo, kisoa iray ianareo. Marina izany.

144 Ary ny sasany aminareo olona izay mandeha any am-piangonana ka miaina fotsiny amin'ny maha-mambra anareo, mivoaka eto ka manao ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao, nefa avy eo dia mbola miverina indray ka manao hoe, "Hia, mikambana amin'ilay fiangonana aho." Eny lavitra be amin'ny fikambanana amin'Andriamanitra ianareo. Izany tokoa. Izaho tsy . . . Fa mahita an'ireo olona manao an'izany ianareo, afaka miteny ianareo. Oh, mambram-piangonana tsara izy ireo. Marina izany. Mbola afaka ny ho mambram-piangonana iray foana ianareo ary manao an'ireo zavatra ireo, fa tsy mety ho Kristiana iray ianareo ka manao an'ireo.

145 Araka ny nolazaiko, aninkeo maraina hoe, "Ilay goaika antitra, raha mba nisy mpihatsaravelatsihy iray, dia ny goaika izany." Marina izany. Izy sy ilay voromailala dia nipetraka teo amin'ilay sambofiara iray ihany, nipetraka teo amin'ilay rantsan-kazo iray ihany. Ary afa-po ilay goaika antitra rehefa navotsotra izy, ka nivoaka avy tao amin'io Fiangonana io, izay nahafahany nivoaka ka nipetraka teo ambonin'ny fatim-biby ratsy iray ary "kao, kao," dia nihinana an'*ity* anankiray ity, nihinana an'ilay soavaly, sy nihinana an'ilay ombivavy, ary na inona na inona ilay izy, afa-po izy. Fa rehefa namotsotra an'ilay voromailala i Noa, dia tsy afaka nahita fitsaharana ho an'ny fela-tongony izy. Nanana zò betsaka hipetraka eo ambonin'ny biby maty iray izy tahaka ny nataon'ilay goaika, saingy natiora roa samihafa ilay izy. Ny iray amin'izy ireo, izy dia voromailala iray, eo am-panombohana. Izy dia goaika iray, eo am-panombohana.

146 Fa, raha manamarika ianareo, ilay goaika antitra dia afaka mipetraka eo ambonin'ny fatim-biby eto ary mihinana, ny tapak'andro. Ilay voromailala dia hipetraka eny an-tanimbary ka mihinana, tapak'andro. Ary ilay goaika dia afaka manidina eo avy hatrany ka mihinana sakafom-boromailala, betsaka arak'izay ilainy. Afaka mihinana vary betsaka tahaka ny ahafahan'ilay goaika izy, na, tahaka ny ahafahan'ilay voromailala. Fa izy, ilay goaika, dia afaka mihinana ny sakafom-boromailala, fa ilay voromailala dia tsy afaka mihinana ny sakafon-goaika. Marina izany.

147 Noho izany, ny mpihatsaravelatsihy ratsy iray dia afaka tonga ao am-piangonana, ka mifaly sy mihiakiaka ary midera ny Tompo, ary manohy tahaka an'izany, nefa miverina avy hatrany ka mankasitraka an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Fa ny Kristiana iray nateraka indray dia tsy afaka manao an'izany, satria ny fitiavan'Andriamanitra no manery azy ho eo amin'ny toerana iray izay tsy ahafahany manao an'izany.

148 Noho izany raha Kristiana iray fotsiny amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana ianareo, ka mitsahatra tsy

manao an'*ity* sy *itsy*, nefa ilay faniriana iray ihany no ao anatinareo, dia mila fanitrihana hafa iray ianareo. Tena marina tokoa izany.

149 Ary ianareo vehivavy izay afaka miakanjo an'ireo sorta ratsy kely ireny, ary eto an-dàlambe eto mihitsy, nefa avy eo dia miantso ny tenanareo ho "mpino." Mpino iray ianareo, saingy ohatra iray mampalahelo ho an'ny anankiray ianareo, angamba. Raha tena nanana an'i Kristy marina tokoa tao amponareo ianareo, dia tokony ho nieritreritra mikasika an'ireo zavatra tahaka an'izany. Tsy ahoako izay ataon'ny sisa amin'ireo vehivavy, sy ny ataon'ny sisa amin'ireo zazavavy, tokony ho hafa ianareo, satria tia be loatra an'i Kristy ianareo.

150 Niresaka tamin'ny vehivavy iray aho indray andro, tao amin'ny trano iray, ary nampakatra ny tànany tahaka an'*izao* izy, nanao hoe, "Rev. Branham, saiky mitanjaka aho, ato antranoko ato. Mandehandeha aho."

151 Nieritreritra aho hoe, "Mbà menatra ianao." Ao antranonareo manokana, tsy ahoako na aiza no misy anareo. Marina izany. Miakanjoa ary mihetseha tahaka ny vehivavy iray, tahaka ny tokony hataon'ny ramatoa iray. Mbà menatra ianareo. Saingy ianareo dia manohy . . . Hia, hoy ny Baiboly hoe, "Raha tia an'ireo zavatra ireo ianareo, ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'i Kristy." Ary raha tia ny Tompo ianareo, ny fonareo rehetra mihitsy, amin'ny fanahinareo rehetra, amin'ny sainareo rehetra, dia hanala an'ireny zavatra kely maloto ratsy, maharikoriko ireny hiala aminareo ianareo. Marina izany.

152 Ary ianareo diakona, sy ianareo hafa eto, izay mivoaka eto an-dàlambe eto, ka maninjitra ny tendanareo ary mijery ny tsirairay avy amin'ireny vehivavy ireny. Mbà menatra ianareo; nefa miantso ny tenanareo hoe "zanak'Andriamanitra." Fantatro fa mampitsovaka izany, saingy aleonareo mitsovaka toy izay may mandrakizay any. Noho izany raha manao an'ireo zavatra ireo ianareo . . . Ankehitriny, tsy misy azonareo atao raha mandeha eny an-dàlambe ny vehivavy iray, mitafy tapaka. Ianareo, raha mijery ianareo, natao hijery azy ianareo, saingy afaka manodina ny lohanareo. Hoy ny Baiboly hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy mba hitsiriritra azy, dia efa nijangajanga taminy sahady tao amponareo."

153 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, ranabavy malala, hamaly ianareo. Tsy ahoako, mety ho madio tahaka ny lisy iray ianareo. Mety tsy nanao tokoa an'io karazana fahotana io mihitsy ianareo, fahotana tsy mendrika, teo amin'ny fiainanareo. Saingy raha miakanjo tahaka an'izany ianareo, dia hamaly any amin'ny Fitsarana nohon'ny fijangajangana tamin'ny lehilahy rehetra izay nijery anareo. Ny Baiboly no nilaza. Ary raha mandeha eny an-dàlambe ianareo, dia iza no meloka, ilay

lehilahy ve? Tsia, tompoko. Ianareo no meloka. Ianareo no nampiseho ny tenanareo tahaka an'izany.

154 Manana toerana lehibe iray ny vehivavy. Izany dia toerana masina iray, mahafinaritra, tsara tarehy. Fa tsy maintsy mihazona ny tenany tahaka an'izany izy, mba hihazona ny asany araka ny tokony haha-izy azy, amin'ny maha-reny iray, amin'ny maha-vehivavy iray sy ny maha-vehivavy. Rehefa potika ny maha-vehivavy, dia potika ny taolan-damosin'ny firenena rehetra. Ary izany no antony, amin'izao andro izao, maha-ringana ny firenentsika, dia noho ireo faharatsiam-pitondrantenan'ireo vehivavintsika. Tena marina tokoa izany. Azo antoka. Ny fahalòvana eo anivontsika, no manapotika azy.

155 Ny ilainareo dia ny mihaona amin'io Melkizedeka io indray mandeha. Amena. Aoka Izy—aoka Izy no hitso-drano anareo sy hanolotra ny divay ho anareo, ny mofo, ny Fiainana Mandrakizay. Amin'izay fotoana izay dia hafa no hahitanareo an'ireo zavatra. Amin'izay fotoana izay ianareo dia ho . . . Ho hafa izany. Tsy hila an'ireo zazalahy ianareo hanao ny . . . siokan'alikadia aminareo, ilay siokan'amboadia, na inona no tianareo hiantsoana azy. Tsia tokoa. Ho hafa ianareo.

156 Dia ny tianareo ho tenenina amiko ve fa miakanjo tahaka an'izany ianareo, ary mivoaka eto, ho an'ny tanjona hafa iray? Hoy ianareo hoe, "Nahoana, mangatsiatsiaka kokoa ilay izy." Milaza tantara ianareo. Tsy mangatsiatsiaka kokoa ilay izy. Ny siansa no manaporofo fa tsy mangatsiatsiaka kokoa ilay izy. Izany dia . . . Ilay fitsiriritana no tonga eo aminareo, ranabavy. Tsy fantatrareo ilay izy. Tsy miezaka ny handratra anareo aho, fa miezaka ny hampitandrina anareo. Betsaka ny vehivavy tsara fitondran-tena, madio mihitsy arak'izay maha-izy azy, ramatoa kely tsara tarehy iray, mivoaka miaraka amin'ireny zavatra ireny, eny an-dàlambe, tsy tonga saina amin'ny fahafantarana an'izay ataony, satria matahotra ny mpitory teny niverin-dàlana iray sao tsy handoa ny ampahafolon-karenany amin'ny fiangonana intsony ny vadinareo. Raha efa mba nihaona tamin'i Melkizedeka izy, dia tsy hieritreritra an'ireo zavatra ireo. Hitory ny Filazantsara izy. Raha mampitsovaka ny hoditry ny lamosin'izy ireo izany, dia hitory an'Izany izy, na ahoana na ahoana. Tena marina tokoa izany.

157 Manao an'izany ianareo, ary manao an'izany ianareo satria dia fanahin'ny fitsiriritana iray no eo ambony. Ary ianareo lehilahy izay hamela ny vadinareo hanao an'ireo karazan-javatra ireo, kely ny fanantenana ananako amin'ny maha-lehilahy iray anareo. Marina izany. Marina izany. Ankehitriny, tsy misy fankasitrahana eo amin'izany, satria, na, tsy misy fialan-tsiny, satria, marina izany. Ny lehilahy rehetra izay hamela ny vadiny hivoaka eny an-dàlambe ka mihetsika tahaka an'izany, rahalahy, ianareo no tokony hanao an'*ireo* akanjony. Marina izany. Ianareo, nahoana, oadray!

158 Tsy milaza aho hoe tsy hanao an'izany ny vadiko. Fa tsy maintsy ovaina sy simbaina aho, amin'izay maha-izy ahy ankehitriny, raha toa ka miaina miaraka aminy aho nefa izy manao an'izany. Ary tena marina tokoa izany.

Ireo zanakovavy, mety manao an'izany izy ireo rehefa ho lasa vehivavy. Tsy milaza aho hoe tsy hanao izy ireo. Tsy fantatro. Miankina amin'ny famindrampon'Andriamanitra izany. Manantena aho fa tsy manao izy ireo. Raha manao izy ireo, dia hanitsakitsaka ny vavaky ny ray marina iray. Hanitsakitsaka ny fiainan'ny olona iray izay niezaka ny hiaina mahitsy izy ireo, raha toa ka manao an'izany. Marina izany. Fa te-hiaina mahitsy aho, mampianatra mahitsy, hahitsy, ka afaka hampianatra azy ireo hahitsy. Raha manao an'izany izy ireo, dia hiady izy ireo eo amin'ny làlany mankany amin'ny helo, eo amin'ny tampon'ny fampianarako, ary eo amin'ny tampon'i Kristiako, ary eo amin'ny tampon'ireo fampitandremako, marina izany, raha toa ka manao an'izany izy ireo. Izany tokoa. Marina izany.

159 Mbà menatra ianareo. Raha mba mihaona amin'i Kristy ianareo, mifanatrika, ka mitso-drano anareo Izy, ary mametraka an'io oroky ny fanekena io eo amin'ny fonareo, dia tsy hampanao anareo indray an'ireny intsony mihitsy ireo devoly ao amin'ny helo. Marina izany. Niova ianareo avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, ary ny fitiavanareo dia mitoetra eo amin'ireo zavatra any ambony fa tsy eo amin'ireo zavatry ny tany. Amena. Tsaratsara kokoa ho ahy ny mamela an'izany lohahevitra izany. Mila fitandremana ilay izy. Eny àry. Saingy izany no Fahamarinana.

160 Eny àry, raha manohy lavidavitra kely fotsiny isika ankehitriny, avy eo dia hamarana isika.

> . . . *marina tokoa fa ireo izay avy amin'ny zanak'i Levy,* . . . *mandray ny* fahafolon-karenan'*ny asan'ny asam-pisoronana,* ary *manana ny didy haka ny* fahafolon-karena *amin'ny olona araka ny lalàna, izany hoe, amin'ny rahalahiny, na dia* avy *tamin'ny kibon'i Abrahama aza izy ireo:*
>
> *Nefa tsy isan'ny firazanan'ireo akory* no *nandray ny fahafolon-karenan'i Abrahama, sy nitso-drano* an'*izay nanana ny* fampanantenana.
>
> *Ary* tsy *azo* lavina *fa ny kely no tsofin'ny lehibe kokoa rano.*
>
> *Ary ety dia ny olona maty no mandray ny ampahafolon-karena; fa* eto *dia izy no mandray azy ireny, dia izay manambara fa velona izy.* Ary izaho . . .
>
> *Ary toa azoko . . . lazaina, fa Levy koa,* . . . nandray ampahafolon-karena, nandray *ny ampahafolon-karena, dia nandoa ampahafolon-karena tao anatin'i Abrahama.*

Satria mbola tao an-kibon-drainy izy, rehefa nitsena azy i Melkizedeka.

161 Ny—ny toetranareo manoloana an'i Kristy dia hisy fiantraikany lehibe amin'izay haha-izy ny zanakareo. Ny fiainanareo izay iainanareo eo anatrehan'ny fianakavianareo dia hisy fiantraikany iray eo amin'izay haha-izy ny zanakareo. Satria, ny Baiboly no nilaza, hoe, "Hamaly ny heloky ny raiamandreny amin'ny zanaka Izy hatramin'ny taranaka fahatelo sy fahefatra."

162 Ankehitriny, vetivety fotsiny, alohan'ny hamaranana.

Ary *noho izany* raha *nisy fahatanterahana* (io indray ny fahatanterahanareo) *tamin'ny asam-pisoronan'ny Levita, (fa teo ambanin'izany no nahazoan'ny olona ny lalàna,) dia ahoana koa no mbola ilàna an'*izay *ho* avy . . . *mpisorona hafa iray hiseho araka ny fanaon'i Melkizedeka, izay tsy ho antsoina ho araky ny fanaon'i Arona?*

163 Ny lalàna, ilay mpanaraka lalàna, hitanareo, "Oh, ianareo tokony hanao an'*ity*. Raha tsy manao an'*ity* ianareo, dia tsy Kristiana iray. Raha tsy mitandrina ny sabata ianareo! Ianareo raha tsy . . . Raha mihinana hena ianareo! Raha manao an'*ireto* zavatra ireto ianareo!" Ireo hevitra araka ny lalàna rehetra ireo. "Ary tokony handeha any am-piangonana ianareo. Raha tsy mandeha ianareo, dia mandoa sazy iray ho an'izany. Tokony hanao neuvaine ianareo." Hadalana izany karazan-javatra izany. Voavonjy nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra ianareo, tamin'ny fahalalan'Andriamanitra mialoha, tamin'ny Fifidianany mialoha. Andriamanitra dia niantso an'i Abrahama tamin'ny fifidianana mialoha, tamin'ny fahalalana mialoha. Niantso Izy. Nankahala an'i Esao Izy, fa tia an'i Jakoba, talohan'ny nahaterahan'ny iray tamin'izy ireo. Marina izany. Izany no—izany no fahalalan'Andriamanitra mialoha izay mahafantatra an'ireo zavatra ireo.

164 Hoy ianareo arak'izany hoe, "Inona no ilàna ny fitoriana ny Filazantsara?"

165 Ankehitriny dia ho lazaiko aminareo, ity. Paoly no namaly an'izany, na Jesosy no namaly, raha ny marina. Indro Jesosy. Hoy Izy hoe, "Ny Fanjakan'Andriamanitra dia tahaka ny lehilahy iray izay nankeo amin'ity, ny—ny kamory iray na farihy iray, ary nanipy ny harato. Nisintona izy. Avy tao, dia nahazo sokatra izy. Nahazo soka-drano izy. Nahazo menarana izy. Nahazo androngo izy. Nahazo sahona izy. Nahazo hala izy. Nahazo mpitsindroka izy. Izy dia nahazo—nahazo trondro izy." Ankehitriny, ilay lehilahy dia nanarato fotsiny.

166 Tahaka an'izany ny Filazantsara. Eto izany ankehitriny, mitory ny Filazantsara aho. Manipy an'ilay harato fotsiny aho. Misintona azy aho, hoy aho hoe, "Izay rehetra maniry, na iza na

iza, dia aoka izy ho avy." Indro mandroso ny sasany, eo amin'ny alitara. Mitangorona eo amin'ny alitara izy rehetra. Mivavaka izy ireo. Mitomany izy ireo. Tsy mahay manavaka ny iray amin'ilay hafa aho. Tsy asako izany. Tsy nirahina hitsara aho.

167 Fa, misy ao ny sasany izay sahona. Misy sasany izay androngo. Misy sasany izay bibilava. Izany dia, ny sasany, dia sokatra. Ary misy sasany izay trondro. Tsy asako ny mitsara. Hoy aho hoe, "Ray, io no voasintoko."

168 Fa, ilay sahona dia efa sahona iray, eo am-panombohana.

169 Ilay hala, hipetraka eo ilay hala antitra ka hijery manodidina, vetivety, hanodinkodina ny masony goavana, hijery manodidina, hanao hoe, "Mba fantatrao moa? Efa saiky leo an'Ity aho ka tsy afaka hahatanty." Plop, plop, plop, plop, lasa izy ireo.

170 Hanatraka ny lohany ilay ramatoa menarana antitra, ka hanao hoe, "Eny, mba fantatrao moa? Raha hitory tahaka an'izany izy ireo, manohitra ny fanaovana sorta sy ny sisa, mamely ahy izany. Noho izany dia hanalavitra an'io andiana holy-rollers io aho. Tsy maintsy ho izay ihany io." Efa bibilava ianareo teo am-panombohana. Tena marina tokoa izany. Hia.

171 Ary indro mipetraka eo andriamatoa sahobakaka, miaraka amin'ilay sigara goavana be eo am-bavany, tahaka ny omby vositra afa-tandroka an'i Texas, hitsangana eo ka hijery manodidina, hanao hoe, "Eny, tsy nanameloka ahy mihitsy ny mifoka. Hiala eto amin'ity zavatra ity aho, izao ankehitriny izao." Eny, ianareo sahona antitra, efa izany ianareo, eo am-panombohana. Tena marina tokoa izany. Tena marina tokoa izany.

172 Ny natioranareo no manaporofo ny maha-izy anareo. Ny fiainanareo no maneho, mampitaratra ny maha-izy anareo, ary tany amin'ny voalohany. Tsy sarotra ho ahy ny mahita an'izany. Tsy sarotra ho anareo ny mahita an'izany.

173 Raha nandeha tany amin'ny an'i Roy Slaughter aho ilay mpiompy izay mipetraka eto, ka nahita an'ireo kisoa teo amin'ny antontan-jezika, nihinana zezika, dia tsy ho nieritreritra na inona na inona ratsy mikasika an'izany aho. Kisoa iray izy. Fa raha nahita zanak'ondry iray tany teo amin'io antontan-jezika io, dia ho nanontany aho. Ah-hah. Hitanareo? Aza manahy, tsy hahita azy eo ianareo. Tsy afaka hahatanty an'izany izy. Marina izany.

174 Ary ny olona iray izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra dia mankahala an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Marina izany, "Fa raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra."

175 Raha mihodinkodina miaraka amin'ny vehivavy isan'andro aho, ka miditra, miteny amin'ny vadiko fa tiako izy, dia ho fantany fa mpandainga iray aho. Ireo fihetsiko dia hiteny mafy kokoa noho ireo teniko. Izany tokoa. Manaporofo aminy aho fa tsy tia azy, satria tsy nahatoky taminy aho.

176 Raha niteny tamiko izy fa tia ahy, ka isaky ny lasa aho, dia nitsoaka niaraka tamin'ny olon-kafa izy, izany no hanaporofo fa tsy tia ahy izy. Marina. Ireo fihetsiny no manaporofo an'izany. Tsy ahoako na impiry izy no hiezaka hiteny amiko hoe, "Bill, tiako ianao, ary tsy misy olon-kafa iray eto amin'izao tontolo izao afa-tsy ianao," ho fantatro fa mpandainga iray izy.

177 Ary rehefa miezaka ianareo ny hanao hoe, "Tompo, tiako Ianao," nefa manao an'ireo zavatr'izao tontolo izao, dia fantatr'Andriamanitra fa mpandainga iray ianareo, eo am-panombohana. Koa nahoana? Inona no ilàna ny hanaiky fahatsapana tapany tranainy iray, sy zavatra iray hafa tahaka an'izany, nefa ireo habakabaka lehiben'ny Lanitra dia feno an'ilay tena zavatra? Nahoana ianareo no te-ho ory iray, milaza, tapany, masaka tapany, mody antsoina Kristiana? Nefa, afaka ny ho tena zanak'Andriamanitra iray nateraka indray ianareo, miaraka amin'ireo lakolosim-pifalian'ny Lanitra maneno ao am-ponareo, mifaly, ary midera an'Andriamanitra, ka miaina amin'ny fiainam-pandresena iray amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy.

178 Aza miezaka ny hanao an'ilay izy samirery, satria tsy hahomby ianareo, eo am-panombohana. Fa raiso Izy, Izany dia Ny Teniny, ary mijanòna eo amin'izay Nolazainy fa Fahamarinana. Ary minoa Azy, ka tiavo Izy, dia Izy no hanao ny zavatra rehetra hiasa tsara amin'ny tsara ho anareo. Izay ilay izy. Izay ilay hevitra.

179 Ny Tompo hitahy anareo. Tsy te-handevilevy anareo aho, fa, rahalahy, ny mahazo fandevilevena kely iray no tsara indrindra. Zanako ianareo. Hitanareo? Ary ny papa rehetra izay tia ny zanany dia hanitsy azy ireo tokoa, raha tsy izany dia tsy ilay karazana papa tsara izy. Marina ve izany? Marina izany. Fa fitsipika iray ihany no ananan'io papa io, ary izany dia ny fitsipiky ny tokantrano. Ary fitsipika iray ihany no ananan'Andriamanitra, ary izany dia Ny Teniny.

180 Raha mino Ny Teniny isika, amin'izay fotoana izay dia hiaina amin'Ny Teniny isika. Izay no andraikitsika, raha efa mba nihaona tamin'Andriamanitra isika. Tsy satria hoy ianareo hoe, "Eny, mandeha any am-piangonana aho, ka tsy maintsy manao an'*ity*." Ory ianareo. Aza manao an'izany. Nahoana ianareo no te-ho goaika ory iray, nalemen'ny taona, tsy masina, nefa afaka ny ho voromailala iray ianareo? Izany tokoa. Mila manana ny natioranareo miova fotsiny ianareo. Koa ovay ny natioranareo,

aoka ho lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra iray, aoka hiadana miaraka amin'Andriamanitra.

181 Jesosy! "Noho izany Jesosy koa, mba Ahafahany manamasina ny olona tamin'Ny Ràny Manokana, dia niaritra teny ivelan'ny vavahady," Hebreo 13:12 sy 13. Romana 5:1, "Noho izany satria efa nohamarinina tamin'ny finoana," tsy tamin'ny fandraisan-tànana, tsy tamin'ny batisan'ny rano, tsy tamin'ny fametrahan-tànana, tsy tamin'ny fihiakiahana, tsy tamin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, tsy tamin'ny fihetseham-po iray. "Fa satria nohamarinina tamin'ny finoana, dia manana fiadanana amin'Andriamanitra isika amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika." Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana isika, ka lasa olom-baovao, satria nino an'ilay Zanaka lahitokan'Andriamanitra isika, ka nanaiky Azy ho Mpamonjintsika manokana. Ary mihetsika Ny Ràny, izao hariva izao, ho fanaovam-panavotana iray ho an'ny fahotantsika, mba hijoro eo amin'ny toerantsika.

182 Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia toerana anankiray ihany no ananana fiombonana, izany dia eo ambanin'ilay rà. Ny mpino tsirairay dia tsy maintsy tonga teo ambanin'ilay rà. Rehefa novonoina ilay ombivavy mena, dia natao ho an'ny fanatitra iray ho an'ny fahotana izy. Tsy maintsy mena izy. Ary ny toko faha-19-n'ny Eksodosy, raha te-hamaky an'izany ny iray aminareo. Ary tsy maintsy entina izy, ny kitro, ny rehetra, dorana miaraka. Ary avy eo dia izany no nanaovana ny ranon'ny fampisarahana. Napetraka tany ivelan'ny vavahady izany. Tsy maintsy karakaraina amin'ny tànana madio izany. Ny ràn'io ombivavy io dia nentina teo anoloan'ny . . . ho an'ny fiangonana, ary nafafy impito teo amin'ny varavarana. Ary ankehitriny, ny olona voaloto tsirairay izay mandroso, dia tsy maintsy manaiky aloha ary mijery an'io rà io, ka mahalala fa ao ambanin'io rà io ihany no misy fiombonana. Io ihany no toerana tokana izay azon'ilay mpivavaka tokoa hivavahana amin'ny fomba ofisialy, dia eo ambanin'ilay rà.

183 Noho izany, ny zavatra voalohany tsy maintsy nataony, talohan'ny nahafahany ho tonga teo ambanin'ilay rà, dia tsy maintsy nisy an'io ranon'ny fampisarahana io nafafy teo aminy, ka izay tsy nadio dia lasa nadio.

184 Dia nalain'izy ireo ilay ranon'ny fampisarahana ka nafafiny teo amin'ilay olona mpandalo izany, ary nanasaraka azy tamin'ny fahotany. Ary avy eo dia nandeha teo ambanin'ireo dian-drà fito ireo izy, ka nanana fiombonana tamin'ny sisa tamin'ireo mpino teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

185 Fomba anankiray ihany no anaovana an'izany. Tsy fandraisan-tànana, tsy fikambanana amin'ny fiangonana, tsy amin'ny alàlan'ny batisa, tsy amin'ny alàlan'ny fientanam-po; fa manatòna eo amin'ireo ranon'ny fampisarahana, apetraho

ny tànanareo, amin'ny finoana, eo ambonin'ny lohan'i Jesosy, ka manaova hoe, "Mpanota aho, ka Ianao no maty teo amin'ny toerako. Ary misy Zavatra ao anatiko miteny amiko fa hamela ahy nohon'ny fahotako Ianao, ka manaiky Anao ho Mpamonjiko manokana aho ankehitriny." Mandehana eo ambanin'ilay Rà, any, manàna fiombonana amin'ireo zanak'Andriamanitra. Izay ilay izy. Hano ilay mofo, sotroy ilay divay, ary manàna fiombonana amin'ny fiangonana.

186 Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? Tsy tsara ve Izy? Ankehitriny, mety ho toy ny hafahafa aminareo ity, ry sakaiza. Fa inona—ho an'ny inona no itsanganako eto ka hilaza an'ireo zavatra ireo? Hilaza azy ireo ve aho mba hiezaka hanao ny tenako ho hafa noho ny olon-kafa iray? Raha manao aho, amin'izay fotoana izay dia mila mibebaka aho. Milaza an'Izany aho satria Andriamanitra no nilaza an'Izany, satria Izany no Tenin'Andriamanitra. Ary henoy. Ho avy ny fotoana iray, ary tonga ankehitriny, izay handehanan'ny olona avy any atsinanana mankany andrefana, hiezaka hitady ny Tenin'Andriamanitra, nefa tsy afaka hahita an'Izany.

187 Rehefa miditra ao amin'ny fivoriana iray ianareo, ny zavatra voalohany ataonareo, dia miditra ao ianareo ary manana andiana fiteny tsy fantatra sy fandikana izy ireo, ka mitsangana ny olona iray ary manohy manonona ny Soratra; fa ara-nofo izany. Marina tokoa. Andriamanitra dia nilaza tamintsika mba "tsy hampiasa famerenana teny foana," ahoana ny Aminy? Raha efa Nosoratany indray mandeha Izany, dia minoa an'Izany. Tsy mila milaza an'Izany indray Izy. Tsara ny fiteny tsy fantatra sy fandikana, fa izany dia tsy maintsy ho hafatra mivantana iray ho an'ny fiangonana sy ho an'ny olona iray, fa tsy ara-nofo fotsiny sy zavatra tahaka an'izany. Ary avy eo dia tafiditra ao anatin'ireo zavatra hafa rehetra ireo ianareo.

188 Teto indray andro, lehilahy roa no niditra . . . ary lehilahy iray sy vehivavy iray, ary lehilahy iray hafa sy vady iray, mpivady tanora fotsiny, niditra tao amin'ny toerana iray, mba handeha any Afrika amin'ny maha-misionera. Nitsangana ny olona iray ary nanome faminaniana iray, ary nanome fiteny tsy fantatra sy fandikana, hoe, "Izy ireo dia samy manana ny vadin'ilay iray hafa." Ka, "Tsy tokony ho tahaka an'izao ilay izy. Diso olona novadiana izy ireo." Dia nisaraka ireo olona roa ireo ary nifanambady, indray. Ny lehilahy iray naka ny vadin'ilay hafa, ilay hafa naka an'ilay anankiray, tao amin'ny anaram-piangonana Pentekotista lehibe iray, ary nandeha tany Afrika amin'ny maha-misionera.

189 Rahalahy, rehefa manao ny fianianananareo ianareo, dia tena voafatotr'io fianianana io mandra-pahatongan'ny fahafatesana hanafaka anareo. Marina tokoa. Izany tokoa. Rehefa manao ny fianianananareo ianareo, dia mamatotra izany.

190 Ireo rehetra ireo, dia fahadalana! Ary izany dia tonga eo amin'ny toerana iray rehefa mandeha any amin'ireo fiangonana ianareo, dia na ilay izy tena mangatsiaka sy ara-pomba ary maina, hany ka ho lasa dimampolo ambanin'ny aotra ilay fitsapana hafanana ara-panahy. Ny olona dia mipetraka fotsiny tahaka ny voatangom-bazaha kely iray eo ambonin'ny vinaingitra, marikivy fotsiny sy tsy miraika ary mikentrona. Ary raha mandre olona iray ianareo, ery aoriana ery eo amin'ilay zoron-trano, izay mety mitraontraona "amena" kely iray, matetitetika, toy ny hoe mandratra azy ireo ilay izy, dia hanalava ny tendany tahaka ny gisa izy rehetra, mba hijery manodidina, hahita an'izay niseho. Fantatrareo fa izany no fahamarinana. Tsy milaza an'izany ho vazivazy iray aho. Tsy toerana hanaovana vazivazy ity. Izany no Fahamarinana. Marina. Milaza an'izany aho satria izany no Fahamarinan'ny Filazantsara.

191 Ary ilay ilany hafa, dia manana andiana hadalana iray ianareo an'ny andiana fientanam-po ara-nofo mandeha mitohy, ka farany ilay Tenin'Andriamanitra marina dia ho tonga eo amin'ny toerana iray izay mahalana no ahafahanareo mandre Azy: ilay afovoan-dalana tranainy, ilay Filazantsara, ilay Fahazavan'ny làlako, haleloia, ny Ràn'ny Zanak'ondry, ny fitiavan'Andriamanitra izay mampisaraka antsika amin'ireo zavatr'izao tontolo izao.

192 "Efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve ianao, rahalahy? Tsy manana Azy ianao. Efa mba nihiakiaka ve ianao mandra-pahatongan'ilay fihetseham-po mangatsiaka niakatra tao amin'ny lamosinao? Efa nahita vaingan'afo ve ianao?" Oh, fahadalana! Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany.

193 Efa nino an'i Jesosy Kristy Tompo ve ianareo ary nanaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana? Ary ny Fanahin'Andriamanitra no manambara miaraka amin'ny fanahinareo, fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo. Ary ny fiainanareo dia mitondra ny vokatry ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy. Amin'izay fotoana izay dia Kristiana iray ianareo. Raha tsy izany ilay izy, dia tsy ahoako izay ataonareo.

Hoy i Paoly hoe, "Afaka manolotra ny tenako ho dorana ho fanatitra iray aho. Nahafantatra an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra aho. Afaka mamindra tendrombohitra amin'ny alàlan'ny finoako aho. Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely aho. Tsinontsinona aho." Ahoana ny amin'izany? Korintiana Voalohany 13; tadiavo raha marina Izany na tsia.

194 Ankehitriny tadiavo raha—raha ny Korintiana, Korintiana Faharoa 13, mino aho fa izay ilay izy. Na, eny, na Korintiana

Voalohany na Faharoa ilay izy. Korintiana Voalohany io, Korintiana Voalohany 13, no marina. "Na dia miteny amin'ny fitenin'olona sy ny Anjely aza aho, ilay karazany azo adika sy ilay tsy azo adika, dia tsinontsinona aho." Noho izany dia inona ny ilàna ny fiadaladalana miaraka amin'izany, raha izany?

195 "Na dia mahazo an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra aza aho." Nahoana ianareo no mandeha any amin'ireo seminera ka miezaka ny hianatra betsaka mikasika an'izany? Tsaratsara kokoa ho anareo ny mahitsy miaraka amin'Andriamanitra, aloha. Izany tokoa. "Na dia izaho, 'Oh, haleloia voatahy!'"

196 Izany ianareo hany ka tsy afaka hanana fiangonana iray akory aza ianareo raha tsy manana asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana iray na karazana fahagagana miseho. "Ny taranaka ratsy fanahy sy mpijangajanga no mitady an'izany karazan-javatra izany." Inona no ilànareo an'izany?

197 Nilaza i Paoly fa afaka manao ny karazan-javatra rehetra izy, na dia mamindra tendrombohitra aza, nefa mbola tsinontsinona foana izy. "Eo amin'izay misy ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra izany. Eo amin'izay misy ny fahalalana, dia hanjavona izany. Eo amin'izay misy ny faminaniana, dia ho levona izany. Fa rehefa tonga ny tanteraka, dia haharitra mandrakizay izany," ary ny fitiavana no fahatanterahana. "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, fa Nomeny ny Zanany lahitokana." Mba, "Na iza na iza mipararetra ve, na iza na iza mangovitra ve, na iza na iza miteny ve, na iza na iza ve"? "Na iza na iza mino Azy dia tsy ho levona, fa hanana Fiainana Mandrakizay." Minoa an'izany, rankizy.

198 Miezaka izy ireo ny hanao an'ilay izy ho tena sarotra, *ireto* zavatra ireto sy *iretsy* zavatra iretsy. Nefa, mifintina ao amin'ny zavatra anankiray mihitsy hoe: ny finoanareo manokana an'Andriamanitra. Izay ilay izy. Izany no miteny an'ilay izy. "Fa amin'ny finoana," tsy amin'ny fihetseham-po. "Amin'ny finoana," tsy amin'ny fientanam-po. "Amin'ny finoana," tsy amin'ny fahatsapana. "Fa amin'ny finoana no namonjena anareo; ary izany dia . . ." Satria ianareo ve no nitady ny Tompo? Satria olona tsara iray ve ianareo? Satria, "Andriamanitra, nohon'ny fahasoavana, dia efa nahafantatra anareo mialoha sy nanendry anareo ho amin'ny Fiainana Mandrakizay."

199 Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy. Ary izay rehetra manatona ahy, dia izaho no hanome azy Fiainana Mandrakizay. Tsy misy olona afaka handrombaka azy amin'ny Tànako. Ahy izy ireo. Voavonjy mandrakizay izy ireo. Azoko izy ireo. Tsy misy olona afaka handrombaka azy amin'ny Tànan'Ny Raiko, ary Izy no ilay Anankiray izay nanome azy ireo ho Ahy. Izy ireo no Fanomezam-pitiavako."

200 "Ary izay rehetra efa Fantany mialoha, no Nantsoiny." Tsy miantso na iza na iza Izy afa-tsy izay efa Fantany mialoha. "Izay rehetra Nantsoiny, no Nohamarininy; izay rehetra Nohamarininy, no Nomeny voninahitra." Noho izany, hitanareo, ao amin'ny fitsaharana tanteraka isika.

201 Ankehitriny, fantatro fa misy mpanaraka lalàna betsaka eto, ny sivy amby sivifolo isan-jato aminareo. Fa, jereo, raha haka an'Ity fotsiny ianareo ka hahalala fa tsy miezaka milaza zavatra iray aminareo aho.

202 Avy eo dia hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, efa nieritreritra foana aho fa izaho dia tokony nanao an'*ity* ary izaho dia tokony nanao an'*itsy*." Tena misy—tena misy fahasamihafana iray ao amin'izany, rahalahy, eo amin'izay tokony hataonareo sy izay tianareo hatao. Voavonjy ianareo, tsy satria hoe nisy zavatra iray nidiranareo tamin'izany. Voavonjy ianareo satria Andriamanitra no namonjy anareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

203 Henoy. Henoy eto. Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Apokalypsy. Izaho dia hitondra anareo manomboka any amin'ny voalohany ka hatrany amin'ny farany ankehitriny. Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Apokalypsy, fa, rehefa tonga ilay bibidia, dia namitaka an'izay rehetra tambonin'ny tany izy. Izany no nataon'ilay bibidia. "Namitaka an'izay rehetra tambonin'ny tany izy, dia ireo tsy manana ny anarany voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry . . ." Hatramin'ny nanombohan'ilay fifohazana ve? Maneno tsara ve izany? Eny, hatramin'ny nitorian'ny mpitoriteny an'ilay toriteny mahery io ve? Hatramin'ny nahasitranan'ilay lehilahy ve? " . . . hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

204 Taiza Jesosy no voavono, teny Kalvary ve? Tsia, tompoko. Jesosy dia efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. "Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, izay efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, rehefa nahita ny fahotana Izy, nahita an'izay nitranga Izy, dia niteny ny Teny Izy. Ary Jesosy dia efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary ny olona tsirairay izay voavonjy, dia voavonjy, araka ny Baiboly, rehefa voavono tao amin'ny fisainan'Andriamanitra ilay Zanak'ondry, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Tafiditra tao anatin'ny famonjena ianareo tamin'izany. Noho izany dia inona no hataonareo mikasika an'Izany?

205 Andriamanitra izany. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! "Andriamanitra no niasa; tsy izay maniry na izay mihazakazaka, fa Andriamanitra maneho famindrampo."

Raha efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Jesosy, dia nila efatra arivo taona izany alohan'ny tena hitrangany tokoa. Fa rehefa niteny an'ilay izy Andriamanitra

teto, dia mifahatra tsara ny Tenin'Andriamanitra tsirairay. Tsy mihetsiketsika Izany. Tsy azo zarazaraina Izany. Tsy mety diso Izany. Ary rehefa namono an'ilay Zanaka Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia voavono tahaka Azy teny Kalvary mihitsy Izy tamin'izany fotoana izany. Vokatra iray efa vita izany, rehefa Andriamanitra no miteny an'izany. Ary tsarovy, rehefa voavono ilay Zanak'ondry, dia tafiditra tao anatin'ilay fanatitra ny famonjena anareo, satria ny Baiboly dia nilaza fa ny anaranareo dia efa "Voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

Ahoana ny amin'izany? Noho izany dia inona no hataontsika? Andriamanitra no maneho famindrampo. Andriamanitra no niantso anareo. Andriamanitra no nifidy anareo tao amin'i Kristy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Hoy Jesosy hoe, "Tsy ianareo mihitsy—tsy ianareo mihitsy no nifidy Ahy. Izaho no nifidy anareo. Ary Izaho dia efa nahafantatra anareo, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Eo ianareo izao.

206 Noho izany, hitanareo, manala ny tahotrareo hiala aminareo izany. "Oh, manontany aho raha afaka hihazona tsara? Ho vitako izany, isaorana Andriamanitra, raha hihazona tsara fotsiny aho." Ilay izy dia tsy hoe raha mihazona tsara aho, na tsia. Ilay izy dia hoe raha nihazona tsara Izy, na tsia. Ilay izy dia izay—izay Nataony, fa tsy izay nataoko. Ilay izy dia izay Nataony.

Tahaka ny teo ambanin'ny lalàn'ny fanavotana. Ity ny zavatra kely iray izay tiako ho lazaina alohan'ny hamaranana.

207 Ahoana moa raha soavaly vavy antitra iray no niteraka ramole kely iray? Ka io ramole kely io dia nanana sofina roa nikopaka nidina. Balamaso izy, ary niady lohalika, bingo. Ny rambony midingina ambony. Biby mahatsiravina iray toy ny inona! Nahoana, ny olona rehetra. . . Raha afaka nieritreritra io ramole kely io, dia hanao hoe, "Ankehitriny, andraso iray minitra. Rehefa mivoaka ny trano izy ireo izao maraina izao, dia ho teneniko aminareo, dia azoko antoka fa ho voakapoka ao amin'ny loha aho. Satria, tsy mamahana ahy mihitsy izy ireo. Jereo hoe zavatra iray mahatsiravina toy ny inona aho. Tsy nanana anjara iray akory aza aho."

208 Eny, marina izany. Tsy manana anjara iray ianao. "Eny, teraka teto amin'ity izao tontolo izao ity aho, saingy jereo eto hoe zavatra iray mahatsiravina toy ny inona aho. Noho izany izaho—izaho—izaho—tsy hanana anjara iray mihitsy aho. Tsy ho vitako izany. Tsy afaka mahavita an'izany aho." Hitanareo?

209 Fa ahoana moa raha tena nampianarina tao amin'ny lalàna tokoa ny mamany? Hilaza izy hoe, "Anaka, marina izany. Tena ratsy toe-batana ianao, ary tsy mendrika ny hihinana ny sakafo avy amin'ny tany ianao. Marina izany. Tsy mendrika ianao. Saingy, anaka, na manao ahoana na manao ahoana, dia ianao

no lahimatoako. Ary, fantatrao, teraka teo ambanin'ny fizokiana iray ianao. Ary tsy hahita anao mihitsy ilay mpisorona. Saingy, nohon'ny anaranao, dia tokony hisy zanak'ondry tsy manantsiny iray tsy misy kilema, tsy maintsy ho faty eo amin'ny toeranao, mba ahafahanao ho velona."

210 Eny, afaka hampiakatra ambony ny kitrony fotsiny io ramole kely io ary hanana fotoana goavana iray. Tsy manao fahasamihafana amin'izay maha-izy azy izany, satria tsy ho hitan'ilay mpitsara mihitsy izy, ilay mpisorona. Ilay zanak'ondry no jeren'ilay mpisorona. Tsy ilay ramole; fa ilay zanak'ondry!

211 Ary Kristy no jeren'Andriamanitra, fa tsy ianareo. Kristy izany. Noho izany raha tsy misy fahadisoana ao Aminy, dia ahoana no ahafahan'ny fahadisoana hisy eo? Ahoana no Ahafahany hahita fahadisoana, nefa ianareo dia maty ka ny fiainanareo dia nafenin'Andriamanitra tao amin'i Kristy, voaisy tombokase tamin'ny Fanahy Masina? "Ireo izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota, satria tsy mahay manota izy." Ahoana no ahafahany manota nefa fanatitra tanteraka iray no mipetraka eo amin'ny toerany? Tsy mijery ahy mihitsy Andriamanitra, mijery an'i Kristy Izy, satria ao amin'i Kristy isika.

212 Ankehitriny, raha tiako Kristy, dia hiaina miaraka Aminy aho. Tsy ho nampiditra ahy mihitsy Izy raha tsy efa mahafantatra Izy. Raha namonjy ahy Andriamanitra androany, mahafantatra fa hanary ahy afaka enina herinandro manomboka androany Izy, dia manohitra ny Tanjony Manokana Izy. Marina. Tsy mahafantatra akory ny ho avy mihitsy aza Izy raha izany, raha namonjy ahy Izy, nefa nahafantatra. Ho an'ny inona no Ilàny hamonjy ahy, nefa nahafantatra fa hanary ahy Izy? Andriamanitra dia tsy manao zavatra, avy eo dia mitondra an'izany hiverina indray afaka roa herinandro, mba hihazona ny Fampanantenany. Rehefa mamonjy anareo Izy, dia ho an'ny fotoana sy Mandrakizay izany.

213 Ankehitriny, afaka ny ho taitaitra ianareo, ka hanao hoe, "Oh, eny, isaorana Andriamanitra! Haleloia! Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nihiakiaka aho. Nahazo azy aho. Haleloia!" Tsy midika izany fa nahazo Azy ianareo. Fa, rahalahy, rehefa misy Zavatra midina *ato*, ka mifahatra amin'i Kristy ianareo, amin'izay fotoana izay dia manaraka anareo ireo vokatry ny Fanahy. Manambara isika, ny fanahintsika miaraka amin'Ny Fanahiny, fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika. Azafady manàna an'Izany, ry sakaiza.

214 Hahatazona anareo eto aho ny alina manontolo, raha miresaka mikasika an'izany. Tiako Izany. Tiako ianareo. Miverina eto amin'ity tabernakla kely ity aho, matetika, raha hitahiry ny aiko Andriamanitra. Tiako ny mahita anareo

mamaka sy mifototra amin'izany Finoana masina izany. Tsy tiako ny hahita anareo mihilangilana, nohon'ny rivotra kely rehetra an'ny foto-pampianarana izay mandalo, ka manozongozona anareo, sy manao hadalana, ary manana rà kely eny amin'ny tànany, na fanala kely iray eo amin'ny tarehiny, na zavatra iray hafa, ary mahita karazan'ireo—ireo—ireo hazavana eo anoloan'izy ireo, ary karazan'ny—ny zavatra tia tena, araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "Mibontsimbontsina ao am-pony, nefa tsy mahita na inona na inona." Marina izany. Tiako ianareo ho mafy eo amin'ny Teny. Raha izany no HOY NY TOMPO HOE, dia mijanòna amin'Izany, miainà miaraka amin'Izany. Izany no Orima Tomima an'izao andro izao. Tian'Andriamanitra ianareo hiaina amin'Izany. Raha tsy ao amin'ny Teny ilay izy, amin'izay fotoana izay dia adinoy ny mikasika an'izany. Miainà ho an'Andriamanitra, miainà ho an'i Kristy.

215 Ary raha manomboka very làlana ny fonareo, ka fantatrareo fa misy zavatra mitranga, dia miverena eny amin'ny alitara ka manaova hoe, "Kristy, avaozy ny. . . ny fifalian'ny famonjeko. Omeo ahy ilay fitiavana izay nananako fahiny. Miha-mivoaka ilay izy, Tompo. Misy zavatra izay nataoko. Ataovy masina indray aho, hijoro. O Tompo, tsy misy na inona na inona azoko atao. Tsy mety afaka amin'*ity* sy afaka amin'*itsy* aho. Mitodika Aminao aho hanala an'izany amiko, Tompo, ary tiako Ianao."

216 Dia mialà avy eo amin'io alitara io, olom-baovao iray ao amin'i Kristy Jesosy. Amin'izay fotoana izay dia tsy mila hiankina amin'ny fiangonanareo ianareo, hiankina amin'ny pretranareo, hiankina amin'ny pasiteranareo. Miankina amin'ny Rà nalatsaky ny Tompo Jesosy ianareo. "Tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo."

Ndao isika hivavaka.

217 Tompo, tena fampianarana mafy! Izao no fotoana ahafahan'ity fiangonana kely ity haka hena, fa tsy rononon'ny Teny intsony. Efa teo amin'ny ronono ela loatra izahay ankehitriny, nanome an'ilay zazakely ny biberaony. Fa tokony hahazo sakafo matanjaka izahay, satria miha-manakaiky ilay andro. Antomotra ireo fotoan-tsarotra lehibe, ary mbola olana betsaka no mipetraka eo amin'ny làlana. Ary fantatray fa tsy hisy fotoana tsaratsara kokoa intsony. Fantatray fa eo amin'ny farany izahay. Hitohy hiha-ratsy sy hiha-ratsy ireo fotoana mandra-pihavin'i Jesosy, araka ny Soratra.

218 Tsy afaka mampanantena na inona na inona azy ireo izahay ao amin'ity fiainana ity. Fa amin'ny fiainana ho avy, dia afaka mampanantena Fiainana Mandrakizay azy ireo izahay amin'ny alàlan'Ny Teninao, raha hino ny Zanak'Andriamanitra izy ireo ka hanaiky Azy ho Fanaovam-panavotany, ho toy ny Anankiray Izay nijoro teo amin'ny toeran'izy ireo, ho toy ny Anankiray izay nitondra ny fahotan'izy ireo. Ekeo izany ankehitriny.

219 Enga anie ny tsi-mpino ho lasa mpino. Enga anie ireo mpilaza ho fiangonana, eto izao hariva izao, izay efa nilaza ny fivavahana ka miaina fotsiny ao amin'ny fiangonana, enga anie izy ireo handray fahatsapana iray miaraka amin'Andriamanitra; ka ho tonga ao am-pon'izy ireo izany fitiavana izany, ka hitomany nohon'ny fahotany izy ireo, ho faty amin'ny tenany, ary ateraky ny Fanahy Masina indray, ary ho mora fanahy sy tsara fanahy, tia, ary feno fifaliana sy fitahiana. Miaina amin'izany fiainana izany, hany ka ho tena mamy sira izy ireo mba hanao ny olona izay manodidina azy ireo, hangetaheta ny hitovy amin'izy ireo. Ekeo izany, Tompo, fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay.

Ary miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

220 Manontany aho, izao hariva izao, raha hisy anankiray eto, hanao hoe, "Rahalahy Branham, raha nolanjaina teo amin'ny fandanjan'Andriamanitra aho tamin'izany fotoana izany, dia tsy ho afaka mihitsy, mihitsy, mihitsy hahatanteraka an'io fepetra noresahanao izao hariva izao io aho. Tiako ianao hahatsiaro ahy ao amin'ny vavaka, mba hanovàko ny làlako, ka hiditra Andriamanitra ary hanala an'io fahadalana io amiko ka hanao ahy ho tena Kristiana iray"? Hanangana ny tànanareo ve ianareo ho an'ny vavaka, raha ianareo, raha tianareo? Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ery aoriana. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

Masina, Masina, Masina, ny Tompo Andriamanitry ny maro.
Ny Lanitra sy ny tany dia feno Anao,
Ny Lanitra sy ny tany dia midera Anao,
O ry Tompo Avo Indrindra.

221 "Masina." Raha mieritreritra ianareo ankehitriny, mivavaka, raha mahatsapa ho resy lahatra ianareo fa efa diso, ka te-hahitsy ianareo, dia hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo, manao hoe, "Andriamanitra, ataovy amin'izay tokony haha-izy ahy aho"? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa kely. "Andriamanitra, ataovy amin'izay tokony haha-izy ahy aho." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy, ranabavy, ianao, ianao, ianao *eto* io.

222 Eo am-pahafatesana ny andro. Fantatro fa mafy ilay izy, ry sakaiza, saingy tsaratsara kokoa ny mahafantatra ny Fahamarinana ankehitriny. Ankehitriny mivavaha moramora.

Masina, Masina, Masina, ny Tompo Andriamanitra . . .

Masina Izy, irery ihany.

. . . feno Anao,
Ny Lanitra sy ny tany dia midera Anao,
O ry Tompo Avo Indrindra.

223 Ray any An-danitra, raha milentika ny masoandro amin'ny hariva, dia miangona eny amin'ny hazo miaraka amin'ireo malalany ireo menatratra. Mandeha mankany amin'ny akaniny ny vorona rehetra. Manidina eny amin'ny tariby ireo voromailala, avo, mba tsy hanelingelenan'ny bibilava azy ireo mandritry ny alina. Mipetraka eo izy ireo ary mifampibakobako mandra-pandehan'izy ireo matory. Farany dia milentika ny masoandro.

224 Indray andro any dia ho tonga eo amin'izany ora izany izahay. Hitranga ilay filentehan'ny masoandro. Tsy fantatro hoe rahoviana, Tompo. Fa misy olona eto izao hariva izao izay resy lahatra fa efa diso izy ireo, ka te-ho tonga eo amin'io toerana io, tahaka ny nahatongavan'i Lincoln teo amin'izany raha teo am-pahafatesana izy, nanao hoe, "Atodiho mankany amin'ny masoandro milentika ny tarehiko." Dia nanomboka izy hoe, "Rainay Izay any An-danitra."

225 Tahaka ny nolazain'i Moody fahiny hoe, "Izao ve no fahafatesana? Izao no andro fampisalorana ahy."

226 O ry Anankiray Mandrakizay, raiso izy ireo izao ankehitriny izao, amin'ny finoana, raha mipetraka eo amin'ny sezany izy ireo. Nandondòna tao am-pon'izy ireo Ianao, teo amin'ny seza. Izany no alitaran'izy ireo. Izao no fotoana Handraisanao azy ireo, izao ankehitriny izao. Hoy Ianao hoe, "Izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy."

227 Ary indray andro any rehefa hilentika ny masoandro, hijoro eo akaikin'ny fandriana ny vady vavy na vady lahy, hiala ireo dokotera. O Masina, Masina, ilay fahanginana tsara tarehy, mamy, mialoha indrindra ny hilentehan'ny masoandro. Amin'izany dia afaka hitsangana izahay ka hanao hoe:

Ny Filentehan'ny masoandro sy ny Kintan'ny Maraina,
Ary antso mazava anankiray ho ahy;
Ary enga anie tsy hisy fitaraindrainana eo amin'ilay tsivalan-kazo
Rehefa mitety ranomasina aho.

228 O Andriamanitra, ekeo ho azy ireo izany amin'ity ora ity; raha miandry izy ireo, miandry ny tso-dranon'Andriamanitra ho tonga eo amin'izy ireo. Esory ny fahatezerana rehetra, ny rehetra avy amin'izao tontolo izao, hiala lavitra azy ireo, ka amoròny fo vaovao ao anatin'izy ireo. Hoy Ianao hoe, "Izaho no hanaisotra an'ilay fo tranainy, ka hametraka fo nofo iray. Ary Hataoko ao anatin'io fo io Ny Fanahiko, ka handeha araka ny Fitsipiko izy ireo ary hitandrina ny Didiko." Satria, didy iray avy amin'ny fitiavana izany, fa tsy avy amin'ny andraikitra.

Avy amin'ny fitiavana izany. Ary ny fitiavana no manery anay hanao an'izany. Andraikitra iray avy amin'ny fitiavana izany, mba hanery anay. Andraikitray ny manaraka ny fitiavana. Ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanomezanao an'izany ho an'ny fo tsirairay izay nanangana ny tànany izao hariva izao.

229 Ary ireo izay tsy nanangana ny tànany, dia enga anie izy ireo ankehitriny, nohon'ny fahasoavana, hanangana ny tànany mba hanaiky Anao, ary ho fenon'Ny Fanahinao amin'izao fomba malemy fanahy, mamy, mora, manetry tena izao; ka ho feno fahasoavana, hivoaka eto ho olona iray niova. Ahoana fa hafa no hihiran'ireo vorona, ahoana fa ho hafa ny olona rehetra, aorian'ity ora ity, O ry Tompo Avo Indrindra.

Masina, Masina, Masina, ny Tompo Andriamanitry ny tany,
Ny Lanitra sy ny tany dia feno Anao,
Ny Lanitra sy ny tany dia midera Anao,
O ry Tompo Avo Indrindra.

230 Ianareo miaraka amin'ny lohanareo miondrika ankehitriny, ianareo izay nanangana ny tànanareo mba ho tsarovana ao amin'ny vavaka, tsapanareo ve fa niteny taminareo tamin'ny fomba anankiray Andriamanitra ankehitriny, tsy tamin'ny fientanam-po, fa zavatra iray fotsiny ao anatinareo ambany ao, tsapanareo ve fa nanome anareo Fiainana Mandrakizay Andriamanitra? Tsapanareo ve fa hivoaka eto amin'ny fiangonana ianareo izao hariva izao ho olona hafa iray? Hanangana ny tànanareo indray ve ianareo izao hariva izao? Andriamanitra hitahy anao, anaka. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao. Marina izany. "Hiala avy eto amin'ity fiangonana ity aho, izao hariva izao, olom-baovao iray." Zazakely vao teraka tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

231 Inona no nitranga? Fantatro fa lamina iray ny fankanesana eo amin'ny alitara. Alitara Metodista izany, lamina Metodista, no tiako lazaina. Tao amin'ny fiangonana Metodista izany no naorina, tamin'ny andron'i John Wesley. Tsy tamin'ny andron'ny Baiboly mihitsy izany. "Izay nino dia nanampy tao amin'ny Fiangonana." Afaka mino ianareo na aiza na aiza misy anareo, any an-tsaha, eny an-dàlambe, na aiza na aiza. Na aiza na aiza, tsy manao fahasamihafana iray izany, raha toa ka manaiky an'i Kristy ho Mpamonjinareo manokana fotsiny ianareo. Asan'ny Fanahy Masina no miditra ao am-ponareo. Rehefa mino Azy ianareo, manaiky Azy, dia efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo, ary lasa olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy.

Aza mba mandalo ahy, O ry Mpamonjy mora,

Ankehitriny dia mitsangàna.

. . .ny antsoko tsotra;
Raha miantso ny hafa Ianao,
Dia aza mandalo ahy.

232 Ankehitriny dia tiako ilay lehilahy sy ilay ramatoa tanora, izay hitako fa vadiny, izay nanangana ny tànanareo, tiako ianareo hanangana ny tànanareo indray eo; anaka, miaraka amin'ilay palitao mena, ary ilay ramatoa, hoe nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiny manokana izy ireo. Ilay lehilahy tanora izay mipetraka eto ao amin'ny seza misy kodiarana, nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiny, nahatsapa fa namonjy azy Andriamanitra. Ary ireo hafa ery aoriana ery izay nanangana ny tànany, atsangano indray izy ireo mba ahafahan'ny olona mijery, hanana fiombonana miaraka aminareo.

233 Raiso ny tànan'izy ireo, ny olona iray manodidina eo, mitsangana eo akaikin'izy ireo. Manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao. Tongasoa ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, ry rahalahiko, ry anabaviko." Ny fiombonana, izany no ilaintsika. Andriamanitra hitahy. . .Raiso tànana io lehilahy tanora ao amin'io seza eto io. Homba azy anie ny Tompo. Marina izany. Mandray anareo ato amin'ny fiombonan'ny Fanahy Masina izahay.

234 Raha tsy mbola natao batisa mihitsy ianareo, ka maniry ny hatao batisa, dia mandrosoa amin'ny làlanareo ka teneno amin'ny pasitera izany. Ilay dobo eto aza dia efa misy rano mihitsy ao anatiny, izao hariva izao, raha te-hatao batisa ianareo. Vonona ny zavatra rehetra. (Efa nahazo batisa iray ve ianareo, mitovitovy?) Fa vonona ny dobo, raha misy olona iray te-hatao batisa. Hoy ny Baiboly hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ka aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo, ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika."

235 Tianareo ve Izy? Atsangano ny tànanareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? Toy ny ahoana no ankasitrahanareo an'ity Bokin'ny Hebreo ity? Tianareo ve Izany? ["Amena."] Hia. Mahafinaritra. Ankehitriny, dia fanitsiana Izy. Oh, henjana Izy ary mahitsy Izy, saingy izany no tiantsika. Izany no fomba tiantsika hanana Azy. Tsy tiantsika ny hanana Azy amin'ny fomba hafa.

236 Ankehitriny, mino ve ianareo fa nanana fahefana iray hitory Azy tahaka an'izany i Paoly? Hoy Paoly hoe, "Raha misy Anjely iray tonga ka mitory filazantsara hafa, dia aoka izy ho voaozona." Marina ve izany? Noho izany dia tiantsika amin'ny fontsika rehetra Izy.

237 Ankehitriny dia hangataka ny pasitera aho ho avy eto vetivety fotsiny, ny rahalahintsika sarobidy indrindra, Rahalahy

Neville, ka hanana teny iray ho tenenina aminareo izy. Ary ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, dia hahita anareo izahay amin'ny Alarobia hariva, ary hanao fandaminana mikasika ny fandehanana any amin-dry Rahalahy Graham Snelling ho an'ny fiangonan-kariva. Ary avy eo dia ho an'ny fitoriana eto mba hanohy, miaraka amin'ny toko faha-7 sy ny faha-8, amin'io Alarobia hariva ho avy io. Rahalahy Neville.

Hebreo, Toko Fahafito 1 MAG57-0915E
(Hebrews, Chapter Seven 1)
Andian'Ny Bokin'Ny Hebreo

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 15 Septambra, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org